# *Fananganan'anaka 2*

Izaho . . . tara kely fotsiny. Nanana olona iray izay nahery setra aho, tena nahery setra, ka tsy maintsy nandeha mihitsy aho tamin'io fotoana io, satria izy ireo dia tena, tena ratsy. Ary namily fiara avy tany Michigan lavitra tany aho, niantso ilay serifa, sy ny sisa, hoe izy ireo dia tena, tena ratsy. Ankehitriny, fa hety tsara izany; ny zavatra rehetra—ny zavatra rehetra dia eo ambanin'ny fifehezana, koa tsara izany. Rehefa tonga ny Tompo, dia eo ambanin'ny fifehezana ny zavatra rehetra amin'izay fotoana izay, sa tsy izany? Oh, Izy—tena tsara Izy; ny mieritreritra ny Fahatsarany sy ny Famindrampony, hoe midika inona amintsika Izy, ary sarobidy toy ny ahoana ireo fiderana Azy.

Eny, niezaka isika mba hanomboka, nilaza fa haka an'ireo toko telo voalohan'ny bokin'ny Efesiana isika. Ary heveriko fa nanana an'ireo teny telo voalohany isika, na ireo *zavatra* telo voalohany teo. Tsy tena lasa lavitra isika, fa izao hariva izao angamba dia afaka handeha lavidavitra kely isika. Ankehitriny, dia tiako ny hilaza fa tsy mpianatra Baiboly aho, lavitra mihitsy, ary lavitry ny maha-teolojiana iray, saingy izaho—tiako ny Tompo, ary tiako ny hanompo Azy sy . . . [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny rahalahy iray—Mpand.]

Olona iray, hamehana iray mihitsy, hoy izy, alohan'ny hanohizantsika fotsiny ankehitriny, zazavavy kely iray any amin'ny hopitaly any Louisville, ary nandao azy ireo manam-pahaizana manokana tsara indrindra rehetra, eo ampahafatesana izy ankehitriny, ary manao fangatahana ho an'io ankizy io. Amin'ny maha-Kristiana, dia adidintsika ny manondrika ny lohantsika, ankehitriny, ho an'ny vavaka.

Tomponay mpiahy, tsy adidinay fotsiny ihany izany, fa tombontsoanay, ary izany no—no fanirianay ka manondrika ny lohanay izahay izao hariva izao amin'ny maha-fiangonana iray, amin'ny maha-vondron'olona iray nantsoina hivoaka, mino eto izao hariva izao, mba hampianatra Ny Teninao, mametraka anay ara-toerana ao amin'ilay Vatana, izay ikambananay, ary izay ahafahanay miasa miaraka tsara amin'ny maha-mambran'ny Vatan'i Kristy.

2 Ary ankehitriny dia antsoina izahay mba handeha eo amin'Andriamanitra avy hatrany. Ka ny tsirairay aminay ray dia mihevitra hoe, ahoana moa raha ny zanakay vavy kely izany, toy ny ahoana no hirehetan'ny fonay sy haratra ao anatinay, ka hiantso an'ireo fiangonana hanao vavaka avy hatrany izahay. Ary misy fon-dray iray izay mirehitra, manaintaina. Tompo, enga anie ilay Olona lehibe an'ny Fanahy Masina ho tonga eo

amin'ny fon'io ray io izao ankehitriny izao. Esory ny aloky ny fisalasalana rehetra, sy ny fanaintainana rehetra, ka avelao izy hahafantatra fa Ianao no Andriamanitra ary tsy misy aretina afaka hitsangana ao amin'Ny Fanatrehanao rehefa tanteraky ny Fiangonanao sy ny Olonao ny Fanirahanao Masina.

3 Ary tahaka ny nandritry ny herinandro, nivavaka izahay, hatramin'ny Alahady lasa no nieritreretako teo amin'ireo fomba ireo na ireo fanao amin'ny vavaka. Tsy manana fiadiana tena betsaka izahay raha eo imason'izao tontolo izao, saingy mahafaty ity antsamotady kely ity rehefa hazonina ao amin'ny rantsan-tànan'ny finoana izy. O Tompo, enga anie ny vavakay hahatratra ny fikendry, io fahafatesana izay mihantona eo ambonin'io ankizy any io, ka enga anie ho montsana izany; ilay hamaintisana, aizina, hiala eo amin'ny sisim-pandrian'io zaza io, io zazakely na ankizy io, zazavavy kely. Ary enga anie ilay Hazavana lehibe an'ny Fanatrehan'Andriamanitra hamiratra eo amboniny. Enga anie izy hiala ao amin'io hopitaly io, ho ankizy salama iray.

4 Andriamanitra, fantatray fa miandry eny am-pitan'ilay renirano mihitsy ireo malalanay, ary be voninahitra izany. Fa tianay ireo zanaka kelinay. Ary mivavaka izahay, Tompo, mba ho an'ny Voninahitrao, ny Hitehirizanao ny ain'io ankizy io. Izahay, amin'ny maha-Fiangonanao, dia miteny mafy an'io fahafatesana io, ka manao hoe, "Mipetraha tsara any. Tsy afaka maka an'io ankizy io ianao, satria mitaky ny ainy nohon'ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra izahay." Ekeo ireo zavatra ireo, Tompo, mba handeha hahitsy mankany amin'ilay fikendry raha mandefa azy ireo izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Mpamonjinay. Amena.

5 Tena mino ve isika? Tsy fantatro hoe inona no mety nataoko raha tsy Kristiana iray aho. Tsy te-hijanona ela intsony fotsiny aho. Tsy misy na inona na inona hivelomana, ny mitondra ny hafa ho voavonjy fotsiny ihany, no tsara indrindra izay fantatro.

6 Ankehitriny, izao hariva izao dia te-hanomboka foto-kevitra kely iray fotsiny isika avy tamin'ny lesontsika teo aloha. Ary hiezaka aho ny hamaky, satria, an'ilay toko manontolo, raha vitako izao hariva izao. Noho izany amin'ny Alahady maraina dia tsy maintsy haka ny Alahady maraina sy hariva aho angamba, raha mety tsara izany, mba hiezaka hametraka an'ity fametrahana an'izay tiako ho hitan'ny fiangonana ity. Oh, be voninahitra ny mahita ny toeranareo! Ary tsy misy anankiray afaka manao na inona na inona raha tsy fantatrareo marina tokoa izay ataonareo.

7 Ahoana moa raha ianareo no tsy maintsy. . .hanao fandidiana iray, ary nisy dokotera tanora iray izay vao avy nivoaka ny sekoly ka izy dia . . . tsy mbola nanao fandidiana iray mihitsy tany aloha. Kanefa, tanora sy tsara tarehy izy, ary ny volony voabango malama, ary miakanjo tena tsara izy, tsara

voatra, sy ny sisa. Ary hoy izy hoe, "Efa nataoko naranitra ireo antsy, ary efa namasahako ny fitaovana rehetra sy ny sisa." Saingy hanana fihetseham-po hafahafa kely ianareo mikasika an'izany. Aleoko manana dokotera antitra iray izay efa nahavita an'io fandidiana io imbetsaka tany aloha, alohan'ny itiavako hodidiana. Izaho—tiako ny ahafantatra olona iray tsy vao avy nivoaka ny sekoly, mila olona iray miaraka amin'ny traikefa aho.

8 Ary ilay Anankiray nanana traikefa tsara indrindra izay fantatro, hantsoina izao hariva izao, dia ny Fanahy Masina. Izy no Mpitsabo lehiben'Andriamanitra sy Mpampianatra lehibe.

9 Ary ho foto-kevitra ho an'ny Hafatro izao hariva izao, mbola avy amin'ny toritenin'ny Alahady foana, hoe ilay izy dia... Nandà an'i Samoela niaraka tamin'ny Tenin'ny Tompo izy ireo; ary nanaiky an'i Saoly, ilay zanakalahin'i Kisy; ka nandà an'i Samoela, izay nisolotena ny Fanahy Masina, satria niteny fotsiny ihany arak'izay nitarihan'ny Fanahy azy hiresaka izy. Ary rehefa niantso ny fifantohan'izy ireo ho amin'izany izy, dia hoy izy hoe, "Tsarovy, tsy nilaza na inona na inona taminareo tamin'ny Anaran'ny Tompo aho ka tsy nataon'ny Tompo hiseho izany. Tsy nandeha tamin'ny fitondran-tena ratsy teo anatrehanareo koa aho. Ary tsy misy anankiray afaka miampanga ahy amin'ny fahotana."

Tahaka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Iza no afaka manameloka Ahy amin'ny fahotana?" Hitanareo?

10 Ary nilaza indray izy, hoe, "Tsy tonga teo aminareo aho ka nangataka vola taminareo sy ny sisa. Tsy naka na inona na inona taminareo aho. Fa izay rehetra nolazaiko taminareo dia ho an'ny soa ho anareo, izay nentiko taminareo avy tamin'ny vavan'ny Tompo."

11 Ary nijoro vavolombelona ny olona rehetra hoe, "Marina izany. Marina izany rehetra izany, saingy mbola mila manana mpanjaka iray foana izahay. Te-hitovy amin'ny sisa amin'izao tontolo izao izahay."

12 Ankehitriny, izao hariva izao, ny Soratsika dia mizara ny Bokin'ny Efesiana, dia ny Bokin'i Josoa an'ny Testamenta Vaovao. Izany dia mizara ary mametraka amin'ny lamina an'ireo "izay mandresy." Ankehitriny, foto-kevitra iray fotsiny izany mandritry ny minitra vitsy, mba hahatongavana eo amin'ny toerana iray alohan'ny hanombohantsika hamaky, manomboka amin'ny andininy faha-3. Ankehitriny, hitantsika tamin'ny Alahady hariva lasa fa ny...Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha dia nanao teny fikasana an'ny tany fitsaharana iray ho an'ny Isiraely, satria lasa mpivahiny sy mpirenireny izy ireo. Ary tao amin'ny tany iray izay tsy azy izy ireo, ka nampanantena tamin'ny alàlan'i Abrahama Andriamanitra fa hivahiny izy, ny taranany dia hivahiny mandritry ny efajato taona any amin'ny vahoaka hafa iray, ka

ho hampijaliana, saingy amin'ny tànana mahery no Hamoahany azy ireo hankany amin'ny tany tsara iray izay tondra-dronono sy tantely.

13 Ary, ankehitriny, rehefa nanakaiky ilay fotoan'ny teny fikasana, dia nanangana olona iray Andriamanitra hitondra azy ireo hankany amin'io tany io. Firy ato amin'ny kilasy izao hariva izao hoe iza io anankiray izay. . . no mahafantatra hoe iza io anankiray io? Mosesy. Mariho, tena, tena tandindona iray mihitsy an'ilay Anankiray antsika izay nomena mba hitondra antsika ao amin'ilay Tany nampanantenaina, Kristy. Manana teny fikasana iray isika ankehitriny, satria ny teny fikasantsika dia Fitsaharana ara-panahy, fa, ny azy ireo dia fitsaharana ara-batana. Ary noho izany dia tonga teo amin'ny tany iray izy ireo izay azony nilazana hoe, "Ity no tanintsika, tsy mpirenireny intsony isika fa tafapetraka, ity no tanintsika, ary eto isika no mahazo fitsaharana. Hamboly ny katsakantsika isika, ny tanim-boalobotsika, ary hihinana avy amin'ny tanim-boalobotsika isika. Ary avy eo rehefa lasa isika, dia havelantsika ho an'ireo zanatsika izany."

14 Oh, toy ny ahoana no ahafahantsika hiditra ao amin'ny tanin'izany, ireo lalàn'ny lova, tahaka an'i Naomy sy Rota, Boaza. Mitondra an'izany rehetra izany miverina. Ahoana ny rahalahy iray tao Isiraely, ahoana fa izy dia tsy maintsy. . . ny zavatra rehetra izay veriny dia tsy maintsy avotan'ny havana iray. Oh, tsara tarehy toy ny ahoana! Hila herinandro sy herinandro sy herinandro ary herinandro izany, tsy hiala amin'ity toko ity mihitsy isika, mba handehanana eo amin'izany. Afaka mamatotra ny Baiboly manontolo ato amin'ity mihitsy isika, ato amin'ity toko anankiray ity.

15 Ary, oh, tiako fotsiny ny mianatra an'Izany. Naka an'Izany isika fahiny, ary naka an'izany nandritry ny herintaona sy tapany, fa tsy niala tamin'ny Boky iray mihitsy. Nijanona tsara tamin'Izany fotsiny.

16 Ankehitriny, fa, tena zavatra iray lehibe tahaka an'izany ny lova, ahoana fa ny lova iray ao amin'ny tany dia tsy misy olon-kafa afa-tsy ny havana akaiky no afaka manavotra an'io lova io. Ankehitriny, mamelà ahy handatsaka famantarana kely iray eto izay nokasihako indray hariva, ho anareo reny. Firy eto no efa nivavaka ho an'ireo malalany, very? Eny àry. Eo indray ianareo izao, hitanareo, "Ny lovanareo." Hitanareo?

17 Niteny tamin'ilay Romana i Paoly, nanao hoe, "Minoa an'i Jesosy Kristy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao." Raha manana finoana betsaka hahavoavonjy ny tenanareo ianareo, dia manàna finoana betsaka, tsy mampaninona na manohitra toy ny ahoana aza io zazalahy io, na io zazavavy io, ho voavonjy izy ireo na ahoana na ahoana. Andriamanitra, amin'ny fomba iray! Raha tsy maintsy hampandry azy ireo amin'ny lamosiny Izy, mandry ao amin'ny hopitaly iray, eo

am-pahafatesana, ho voavonjy izy ireo. Andriamanitra no nampanantena an'izany. Ilay lova! Oh! "Ary ho eo izy ireo," hoy Isaia, "ary ny taranany rehetra dia miaraka amin'izy ireo. Tsy handratra na hanimba izy ireo ao amin'ny Tendrombohitro masina rehetra, hoy ny Tompo."

18 Oh, manana toerana kely iray izay antenaiko fa azoko ahatongavana aho izao hariva izao, ho anareo. Mirehitra ao am-poko fotsiny, izay miverina eo amin'izany.

19 Fa ankehitriny, ndao handroso. Noho izany dia efa voamarikareo ve i Mosesy, ilay mpanao fahagagana lehibe izay nitondra ny Isiraely nitety an'ilay tany, ary nitondra azy ireo hatreo amin'ilay tany nampanantenaina, saingy tsy nametraka tamin'izy ireo ny lovany? Tsy nomeny azy ireo ny lovany; nitarika azy ireo hatreo amin'ilay tany izy, fa i Josoa no nizara ny tany tamin'ny olona. Marina ve izany? Ary Kristy no nitondra ny fiangonana hatreo amin'ny toerana izay nanaovana ny fananan'izy ireo ho azy ireo, nomena azy ireo, ilay Jordana hiampitana fotsiny sisa, saingy ny Fanahy Masina no ilay Anankiray Izay mametraka ny fiangonana ao amin'ny lamina. Ilay Josoa an'izao andro izao no mametraka ny fiangonana ao amin'ny laminy, manome ho an'ny tsirairay avy, an'ireo fanomezam-pahasoavana, fitoerana, toerana. Ary Izy no Feon'Andriamanitra izay miteny amin'ny alàlan'ilay olona ao anaty izay novonjen'i Kristy, ny Fanahy Masina. Ankehitriny dia azonareo ve ilay izy hatreto? Ankehitriny dia tonga eo amin'ny Bokin'ny Efesiana isika. Ankehitriny, mitovy ihany, mametraka ara-toerana an'ilay fiangonana izay ikambanan'izy ireo Izy. Ankehitriny, Josoa dia nametraka azy ireo tao amin'ilay tany ara-boajanahary. Ankehitriny dia ny Fanahy Masina no mametraka ny fiangonana, ara-toerana, ao amin'ilay tany, hoe izy ireo, ao amin'ilay toerana izay misy azy ireo, ny lovan'izy ireo.

20 Ankehitriny, ny zavatra voalohany anombohany eto, dia mandefa ny epistiliny izy, "Paoly." Fa, ho hitantsika afaka kelikely fa voambara taminy ity zava-miafina rehetra ity, tsy tao amin'ny seminera, na tamin'ny alàlan'ny teolojiana, fa fanambarana Masina an'ny Fanahy Masina izay nomen'Andriamanitra an'i Paoly. Teo am-pahafantarana fa ilay zava-miafin'Andriamanitra, hoy izy, izay efa nafenina hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia voambara taminy tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Ary ny Fanahy Masina teo anivon'ny olona no nametraka ny tsirairay avy tao amin'ny lamina, nametraka ny fiangonana tao amin'ny toerana.

21 Ankehitriny, ny zavatra voalohany anombohan'i Paoly eto hitenenana amin'ny olona, dia ny manala ny rehetra . . . Tsarovy, ity dia ho an'ny fiangonana, fa tsy ho an'ilay any ivelany. Izany dia zava-miafina iray tao amin'ny ankamantatra ho azy, tsy nety azony mihitsy, mandeha eny an-tampon'ny lohany, tsy

mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany intsony izy. Fa, ho an'ny fiangonana, dia tantely ao anatin'ny vatolampy izany, fifaliana tsy hay lazaina izany, izany ilay antoka voatahy, izany ilay vatofantsiky ny fanahy, izany no fanantenantsika sy tohantsika, izany ilay Vatolampin'ireo Taona, oh, izany no zavatra rehetra izay tsara. Satria ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny Tenin'Andriamanitra tsy ho levona mihitsy.

22 Fa ny olona any ivelan'i Kanana dia tsy mahafantatra na inona na inona ny amin'izany, mbola mirenireny foana izy. Tsy milaza aho fa tsy olona tsara iray izy, tsy milaza an'izany aho. Tsy milaza aho fa ny olona na dia ao Egypta aza dia tsy olona tsara, saingy izy, raha mbola tsy tonga eo amin'io fananana io izy.

23 Ary ilay fananana, izay, ilay teny fikasana izay nomena ho an'ny fiangonana dia tsy tany iray ara-boajanahary, fa tany iray ara-panahy, satria isika dia asam-pisoronan'ny mpanjaka iray, firenena masina iray. Noho izany ao amin'io asam-pisoronan'ny mpanjaka io, firenena masina, vahoaka hafa kely, nantsoina hivoaka, voafidy, nofidiana, napetraka nitokana, amin'izay fotoana izay dia maty ilay izao tontolo izao rehetra any ivelany. Ary tarihin'ny Fanahy isika. Ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra dia tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra; tsy amin'ny alàlan'ny olona, fa amin'ny alàlan'ny Fanahy.

24 Ny rehetra amin'ny fitiavana, voafehy ilay zavatra manontolo ankehitriny. Ity dia efa noezahana nampianarina imbetsaka, ary tsy isalasalana fa ireo teolojiana malaza dia efa nahavita betsaka an'izany lalina kokoa noho izay vitako. Fa ny zavatra izay tiako ezahana ho azonareo dia ity, hoe ny olona iray izay ao amin'i Kristy, miaraka amin'ny Fanahy Masina, dia afaka mahatanty olona iray rehefa diso izy, mahari-po, malemy fanahy, maharitra. Izy dia mora fanahy, manetry tena, mahatoky, feno ny Fanahy, tsy negatifa mihitsy, positifa foana. Olona hafa iray izy.

25 Tsy olona iray fotsiny izay hoe, "Nanana azy isika indray mandeha. Raha nihiakiaka isika, dia nanana azy, isika Metodista. Oh, rehefa nihiakiaka isika, dia efa tao amin'ilay Tany." Tsara izany, mety tsara izany, mino an'izany koa aho.

26 Avy eo dia tonga ny Pentekotista miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, izy ireo, "Nanana azy; ny tsirairay avy izay niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra dia nanana azy." Izaho dia mino an'izany, ihany koa. Saingy mbola hitantsika foana fa betsaka no mbola tsy nanana Azy, hitanareo. Hitanareo? Ankehitriny izy ireo dia . . .

27 Tonga eo amin'ity zava-miafina lehibe niafina izay efa nafenina hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao ity isika ankehitriny ary voambara amin'ireo zanak'Andriamanitra

ankehitriny amin'ny andro farany. Mino ve ianareo fa marina izany, hoe voaseho ireo zanak'Andriamanitra? Alohan'ny andehanantsika na aiza na aiza mihitsy akory aza, dia ndao isika hamadika ao amin'ny Romana ny toko faha-8 iray minitra fotsiny, mamelà ahy hamaky zavatra iray aminareo. Jereo raha tonga eo amin'izay resahako eto ity. Ankehitriny dia haka ny Romana 8 isika, ny andininy faha-19 an'ny—an'ny toko faha-8-n'ny Romana.

> *Fa ny faniriana fatratra...ny* famoronana *dia miandry ny* fanehoana *an'ireo zanak'Andriamanitra.*

28 Miaraka amin'ny faniriana fatratra, dia miandry an'ilay fanehoana ny famoronana manontolo. Hitanareo, ilay fanehoana! Inona ny fanehoana? Mampahafantatra!

29 Izao tontolo rehetra izao. Ireo Mohametana any, miandry an'izany izy ireo. Manodidina rehetra, hatraiza hatraiza, dia miandry an'izany izy ireo. "Aiza ireo olona ireo?" Isika dia efa nanana ny...Efa nanana rivotra mifofofofo iray isika, efa nanana an'ireo kotrokorana sy tselatra isika, efa nanana diloilo sy rà isika, efa nanana an'ireo karazan-javatra rehetra isika; saingy diso tamin'ny fandrenesana an'ilay Feo kely malemy izay nahasintona an'ilay mpaminany, ka nisarona ny akanjony nanodidina azy ary nivoaka, nanao hoe, "Inty aho, Tompo." Hitanareo?

30 Ankehitriny dia misento ny famoronana manontolo ary miandry ny fanehoana an'ireo zanak'Andriamanitra. Ankehitriny, dia hametraka ny fiangonana marina tokoa eo amin'izay misy azy aloha i Paoly. Ankehitriny mba ahazoana an'ilay foto-kevitra, dia ndao isika hamaky indray.

> *Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy nohon'ny sitrapon'Andriamanitra, ho an'ireo olo-masina* (izany hoe "ireo nohamasinina") *izay any Efesosy, sy...ny mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy:*

31 Ankehitriny, mba tsy hanadinoan'ny kilasy an'ilay izy, dia ahoana no hidirana ao amin'i Kristy? Mikambana amin'ny fiangonana ve isika mba hidirana ao amin'i Kristy? Manao filazana iray ve isika mba hidirana ao amin'i Kristy? Asitrika ao amin'ny rano ve isika mba hidirana ao amin'i Kristy? Ahoana no hidirantsika ao amin'i Kristy? Korintiana Voalohany, toko faha-12, "Fa tamin'ny Fanahy iray," iray, sora-baventy F-a-n-a-h-y, dia ny Fanahy Masina, "no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ilay Tany nampanantenaina."

32 Ao amin'io Tany nampanantenaina io, ny zavatra rehetra dia antsika ao amin'ilay Tany nampanantenaina. Hitanao ve izany, Rahalahy Collins? Hitanareo, ny zavatra rehetra ao amin'ilay Tany nampanantenaina! Rehefa niampita an'io Jordana io ny Isiraely, hankao amin'ilay tany nampanantenaina, dia nandresy ny zavatra rehetra!

33 Tsarovy ankehitriny, ao amin'io Tany nampanantenaina io, izany dia tsy midika fa afaka amin'ny aretina ianareo, izany dia tsy midika fa afaka amin'ny olana ianareo. Fa izao no dikan'izany, (oh, aoka hilentika lalina ity), izao no lazain'izany, hoe anareo izany! Mitsangàna fotsiny dia alaivo ilay izy! Hitanareo? Rehefa . . .

34 Ary, tsarovy, ny fomba tokana izay hany nahaverezan'ny Isiraely lehilahy iray, dia rehefa niditra tao amin'ny toby ny fahotana. Izay ihany ny fomba tokana hany ahafahantsika mahavery fa—fandresana iray, dia nohon'ny fahotana miditra ao amin'ny toby, zavatra tsy mety iray any ho any. Rehefa nangalarin'i Akana io vongam-bolamena sy io akanjon'ny Babyloniana io, dia tao amin'ny toby ny fahotana, ary lasa ratsy ilay ady.

35 Omeo ahy ity—ity fiangonana ity izao hariva izao, ity vondron'olona ity, tanteraka tokoa, tanteraka tokoa ao amin'ny teny fikasan'Andriamanitra, miaraka amin'ny Fanahy Masina, mandeha ao amin'ny Fanahy, mihaika ny aretina rehetra aho na ny fahoriana rehetra, na ny zavatra rehetra izay misy, ny Joe Lewis rehetra izay misy ato amin'ny firenena, miaraka amin'ny tsi-fahatokiany rehetra, sy ireo tsi-mpino rehetra izay misy, mba hampiditra ny aretina rehetra na fahoriana eo amin'io varavarana io, fa hivoaka avy eto izy ireo salama tanteraka tokoa. Eny, tompoko. Nanome ny teny fikasana Andriamanitra, ny fahotan'ny tsi-finoana irery ihany no afaka hanakana an'izany. Ankehitriny isika dia ho tonga eo amin'ny hoe inona io fahotana kely io, afaka kelikely, ankehitriny.

> . . . izay ao *amin'i Kristy Jesosy:*
>
> *Ny fahasoavana anie* ho *aminareo, sy fiadanana, avy amin'Andriamanitra Raintsika, sy . . . Jesosy Kristy Tompo.*
>
> *Isaorana anie ilay Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay* efa *nitahy antsika tamin'ireo fitahiam-panahy rehetra ao amin'ireo toeran-danitra ao amin'i Kristy, ao—ao amin'i Kristy:*

36 Rehefa ao amin'i Kristy isika, dia manana fitahiam-panahy. Any ivelan'i Kristy, dia manana fientanam-po isika. Ao amin'i Kristy dia manana fitahiana pozitifa isika. Tsy mody-finoana, tsy fakan-tahaka, tsy napetapetaka. Fa raha mbola miezaka foana ianareo ny milaza fa ao amin'ilay Tany nampanantenaina ianareo, nefa tsy ao, dia hahatratra anareo ny fahotanareo. Ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia hahita ny tenanareo ho sandoka ianareo sy—sy ny rehetra, araka ny iantsoantsika azy ao amin'izao tontolo izao hoe, feno tseroka. Ho hitanareo fa tsy manana an'izay resahanareo ianareo. Fa rehefa ao amin'i Kristy Jesosy ianareo, dia Izy no nampanantena anareo fiadanan-Danitra, ireo fitahian-Danitra, Fanahin-Danitra, ny zavatra

rehetra dia anareo. Ao amin'ilay Tany nampanantenaina ianareo ary ao amin'ny fananana feno an'ny zavatra rehetra. Amena. Tsara tarehy toy ny ahoana! Oh, ndao isika hianatra.

*Araka ny* efa *nifidianany antsika*. . .

37 Ankehitriny, eto no mahatafintohina mafy ny fiangonana.

*Araka ny* efa *nifidianany antsika tao aminy*. . .(Ao amin'Iza?) Kristy.

38 Hitantsika ankehitriny, ao amin'ny—ao amin'ny Genesisy sy ao amin'ny Apokalypsy, Apokalypsy 17:8, fa Izy no nifidy antsika tao amin'i Kristy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ankehitriny, ny teny. . .Mamelà ahy hamaky an'ilay anankiray manaraka.

. . .*fanorenana an'izao tontolo izao, mba hahamasina antsika sy tsy misy tsiny eo anatrehany*. . .

*Nifidy antsika mialoha*. . .

39 Ankehitriny aho dia te-hijanona eo amin'io teny io hoe "voafidy mialoha." Ankehitriny, *voafidy mialoha* dia tsy milaza hoe, "Hifidy an-dRahalahy Neville aho, ary izaho—izaho—izaho—izaho—izaho tsy hifidy an-dRahalahy Beeler." Tsy izany ilay izy. Izany dia ny fahalalan'Andriamanitra mialoha izay nahafantatra hoe iza no ho marina ary iza no tsy marina. Noho izany, tamin'ny fahalalana mialoha, Andriamanitra izay nahafantatra an'izay Hataony, dia Izy no nifidy mialoha tamin'ny Fahalalany mialoha mba hanao ny zavatra rehetra hiara-miasa hahasoa an'ireo izay tia an'Andriamanitra, mba Ahafahany, ao amin'ilay taona izay ho avy, hiantso an'ireo zavatra rehetra miaraka ho ao amin'ny Anankiray, dia Kristy Jesosy.

40 Mamelà ahy hanao kisarisary kely iray aminareo eto. Tsara ilay izy. Miverina isika, mino aho fa efa niresaka kely teo amin'izany aho indray hariva, na nikasika an'izany, ao amin'ny Genesisy, ny toko faha-1, 1:26, rehefa niantso Ny Anarany Andriamanitra hoe, "Tompo Andriamanitra," izany dia ao amin'ny teny hoe El, Elah, Elohim, izay midika hoe "ilay Anankiray misy amin'ny alàlan'ny tenany." Tsy nisy na inona na inona hafa nisy afa-tsy Izy. Tsy nisy rivotra, tsy nisy hazavana, tsy nisy kintana, tsy nisy izao tontolo izao, tsy nisy na inona na inona hafa. Izany dia Andriamanitra, ary Andriamanitra irery, El, Elah, Elohim. Ankehitriny, Izy no nanao an'izany.

41 Tao anatin'io dia nisy an'ireo toetra izay nidika fa Izy dia. . . Tao anatin'io El, Elah, Elohim lehibe io dia nisy toetra iray na ny. . .Fantatrareo hoe inona ny *toetra* iray, na mamelà ahy hilaza azy tahaka an'izao, nisy "natiora" iray. Izany dia mba hahazoan'ilay olona kely azy, ary anisan'ireo olona kely izay tsy maintsy hahazo azy tahaka an'izany aho. Tao Anatiny dia nisy an'ilay natiora ho ray, saingy nisy tamin'ny alàlan'ny tenany Izy,

ka tsy nisy na inona na inona haha-Ray Azy. Ary, ankehitriny, tao anatin'io dia nisy zavatra hafa, hoe Andriamanitra Izy; ary ny andriamanitra iray dia zavatra iray ho tompoina; saingy nisy tamin'ny alàlan'ny tenany Izy, El, Elah, Elah, Elohim, noho izany dia tsy nisy na inona hanompo Azy. Tao anatin'io, dia Mpamonjy iray Izy, nefa tsy nisy na inona na inona very mba ho vonjena. Hitanareo? Tao anatin'io, dia Mpanasitrana iray Izy, hitanareo, nefa tsy nisy na inona na inona narary ho sitranina, na inona na inona harary. Azonareo ve ankehitriny ilay sary? Noho izany ireo Toetrany, ny Natiorany no namokatra an'izay misy androany.

42 Hoy ny olona sasany hoe, "Eny, naninona no tsy najanon'Andriamanitra fotsiny ilay izy tany amin'ny voalohany?" "Mafy fo lozabe iray Izy," hoy Joe Lewis, ilay anankiray izay nanameloka an'i Joe, na i Jack Coe, hitanareo. Hoy izy, "Mafy fo lozabe iray fotsiny Izy. Tsy misy izany Andriamanitra izany. Raha misy ny zavatra tahaka an'izany, Izy dia ho. . . " Oh, izaho. . . niantso Azy fotsiny tamin'ny karazana anarana rehetra, hitanareo. Saingy izany dia satria fotsiny mety manana fahalalana betsaka izy *eto,* saingy tsy manana na inona na inona *eto* ambany eto.

43 Ankehitriny, izany, eo no misy an'izany. Hitanareo? Ity Teny ity no miteny an'izany eto, ary Izy no nanafina an'izany. Ary ireo zava-miafina ireo dia efa nafenina ankehitriny, tsarovy, hoy ny Baiboly hoe, "Hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, miandry ny fanehoana an'ireo zanak'Andriamanitra," mba hampiseho azy ireo amin'ny fiangonana. Oh, oadray! Azonareo ve ilay izy?

44 Ankehitriny dia ajanoko vetivety ny tantara keliko, na hitondra aho. . . Handeha eo amin'ilay fisainako manaraka aho mba hamoaka an'ity. Tsarovy ankehitriny, nanerana an'ireo taonan'i Mosesy rehetra, nanerana an'ireo taonan'ny mpaminany rehetra, nanerana an'ireo taona rehetra, dia niandry an'ity andro farany ity izy ireo mba hampisehoana an'ireo zavatra ireo, araka ny Soratra. Marina izany, mba hahavoambara an'izany amin'ireo zanak'Andriamanitra. Nahoana? Nanomboka tamin'ilay very. . . mandra-paha tahaka an'ilay pyramida, araka ny efa nolazaiko, miorina miha-akaiky, miha-akaiky, miha-akaiky.

45 Araka ny nanaovako an'ity fanamarihana ity matetika, ka nilaza, fa nanao Baiboly telo Andriamanitra. Ny iray voalohany, dia Napetrany teny amin'ny lanitra Izany, ny zodiaka. Efa mba nahita an'ilay zodiaka ve ianareo? Inona no sary voalohany eo amin'ny zodiaka? Ny virijiny. Inona no sary farany ao amin'ny zodiaka? Leo ilay liona. Tonga voalohany Izy tamin'ny virijiny, tonga faharoa Izy ho Lionan'ny fokon'i Joda. Hitanareo?

46 Nanao an'ilay anankiray manaraka Izy tao amin'ny pyramida, tamin'ny andron'i Enoka, rehefa nanao an'ilay pyramida izy ireo. Ary refesiny izy ireo. Tsy azoko ilay izy.

Fa amin'ireo ady, dia miondrika eo izy ireo ka mandeha amin'ny lohaliny tena lavitra, ka afaka mandrefy ny elanelan'ireo ady. Fantatrareo ve hoe hatraiza no refesin'izy ireo ankehitriny? Ao amin'ilay efitry ny mpanjaka mihitsy. Ary arakaraky ny iakaran'io pyramida io. . . Tsy afaka manorina an'izany isika, miaraka amin'ny zavatra rehetra izay ananantsika amin'izao andro izao. Tsy afaka manorina an'izany isika.

47 Voaorina miakatra mihitsy tahaka an'*izao* izany, hatrany amin'ny maranitra iray. Ary ilay vato eo. . . Tsy hita mihitsy ilay vatosarona. Tsy nametraka sarona iray teo an-tampon'ilay pyramida mihitsy izy ireo. Tsy fantatro na fantatrareo izany na tsia, ilay pyramida goavana an'i Egypta, tsy nanana vatotendro mihitsy izany teo amboniny. Nahoana? Nolavina ilay vatosarona, Kristy, ilay Vato tendro, hitanareo, dia nolavina.

48 Fa arakaraky ny hitomboantsika avy tamin'ny taona Loterana, taona Batista, taona Metodista, taona Pentekotista, dia tonga eo amin'ilay Vato manarona mihitsy isika ankehitriny, hitanareo, miandry sy maniry fatratra an'io Vato manarona io ho tafapetraka, feno ilay tranobe. Tsy efa novakianareo ve tao amin'ny Soratra hoe, "Nolavina ilay vato"? Mazava ho azy, fantatsika fa niresaka ny amin'i tempolin'i Solomona izany. "Saingy lasa Lohan'ny zoron-trano ilay Vato nolavina." Ary milaza an'izao fotsiny aho mba hanao ny—ny—ny—sary iray ho anareo.

49 Ankehitriny, ary ao amin'ny Baiboly, dia miaina ao amin'ilay andro farany isika, ny tampon'ilay pyramida, ireo trondro mifangaro an'ilay taonan'ny foza ao amin'ny zodiaka, amin'ny fotoan'ny fihavian'i Leo ilay liona, ao amin'ilay vato manarona, ary amin'ny andron'ny fanehoana an'ireo zanak'Andriamanitra, ao amin'ny Baiboly, hitanareo. Hitanareo ve hoe aiza no misy antsika? Ao amin'ny andro farany mihitsy no misy antsika.

50 Firy no efa namaky an'ilay gazety tamin'ity herinandro ity, inona no nolazain'i Khrushchev sy izy ireo? Oh, vonona izy ireo; toy izany koa isika. Amena. Vonona! Mety tsara ny rehetra, hitanareo. Oh, toy ny—toy ny—tombontsoa iray toy ny inona, andro iray toy ny inona! Raha afaka mahafantatra ny andro izay iainantsika fotsiny mantsy ireo Kristiana. Oadray!

51 Inona no heverinareo? Ilay mpanoratra an'ity Boky ity, izay nahita an'izany, ary nahita fa ho voaseho izany amin'ny andro farany, miandry sy misento mba hitsanganan'ireo zanak'Andriamanitra amin'ny andro farany, miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina amin'ny faran'ilay taona, mba hanambara an'ireo zavatra tsiambaratelo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba hampiseho an'izany.

52 Ankehitriny dia ndao isika hiverina amin'ny hoe "ny fanorenana an'izao tontolo izao" indray, mba hahazo fanambarana iray, hahita na marina ny antsika na tsia.

Manantena aho fa tsy manao ny tenako ho mpaniratsira amin'ny fiantsoana an'Andriamanitra hoe, "Papa," fa te-hilaza an'ilay izy tahaka an'izany aho mba hahazoanareo azy. Papa! Nila zanaka vitsivitsy i Papa, noho izany dia inona no Nataony? Hoy Izy hoe, "Aoka hisy Anjely." Dia tonga nanodidina Azy Izy ireo. Oh, mahafinaritra izany. Nanompo Azy Izy ireo, tamin'izay fotoana izay dia Andriamanitra Izy, ireo toetra. Tsarovy, Izy dia El (E-l), Elah, Elohim, nisy tamin'ny alàlan'ny tenany, tsy nisy afa-tsy Izy. Ny zavatra tonga voalohany dia ireo Anjely. Tamin'izany fotoana izany, dia tsy afaka nanao afa-tsy ny nanompo ireo Anjely. Tsy nety very Izy ireo. Noho izany, tsy afaka harary Izy ireo, vatana tsy mety maty Izy ireo. Noho izany, dia tsy afaka nampiseho ny Herin'ny fanasitranany Izy, tsy afaka nampiseho ny Famonjeny Izy. Koa noho izany, tany aloha, ankehitriny dia ndao . . .

53 Avy eo taorian'izany, dia hoy Izy hoe, "Isika dia hanao zavatra iray azo tsapain-tànana." Noho izany dia nanao tany iray Izy. Ary rehefa nanao ny tany Izy, dia nanao ny famoronan'ny tany rehetra Izy, ary avy eo dia nanao ny olona Izy. Ny zavatra rehetra izay novokarina teto an-tany; nanomboka tamin'ny—ny tsiboboka iray na trondro malemy iray, dia endrika iray fotsiny an'ny nofo mitsingevana teo ambonin'ny rano, nanomboka teo, hatrany amin'ny . . . nanomboka tamin'io hatrany amin'ny sahona iray, izany dia ilay karazam-piainana ambany indrindra izay mety hitantsika, izy ireo no milaza, hoe izany dia ny sahona. Ny karazany ambony indrindra dia ny olombelona. Avy tamin'ny sahona izany no nanomboka hatrany amin'ny androngo, avy amin'ny androngo dia mitohy sy mitohy ary mitohy, ary isaky ny manomboka manao "whooosh" ny Fanahy Masina, mitsoka fofon'aina, dia tonga indray ny aina; "whooosh," aina lehibe kokoa. Ary ny zavatra voalohany, nisy zavatra nipoitra araka ny endrik'Andriamanitra, dia olona iray izany. Tsy nisy na inona na inona hany nisy, tsy nisy mihitsy, tsy hisy ho foronina intsony, zavatra iray avo kokoa noho ny olona iray, satria ny olona no araka ny endrik'Andriamanitra. Hitanareo? Noho izany ny olona . . .

54 Rehefa nanao ny Olony voalohany Izy. Ankehitriny, rehefa nanao an'Ireo vatan'Anjeliny Izy . . . Izy dia nanao ny olona, "Lahy sy vavy no Namoronany azy ireo," ny rehetra tao amin'ny vongana iray ihany. Izy dia sady lehilahy no vehivavy, vavy sy lahy. Rehefa nanao an'i Adama Izy ka nametraka azy tao amin'ny nofo . . . tsarovy ao amin'ny Genesisy 1, dia nanao lehilahy sy vehivavy Izy. Ary ao amin'ny Genesisy 2, dia tsy mbola nisy olona hiasa ny tany, olona ara-nofo. Tsy nisy olona izay afaka nandray zavatra iray ka niasa ny tany, kanefa nisy olona iray araka ny Endriny. "Ary Andriamanitra dia . . ." [Hoy ny fiangonana hoe, "Fanahy"—Mpand.]. Marina izany. Hitanareo? Nanao an'ilay olona voalohany Izy, "lahy sy vavy no

Namoronany azy ireo." Ankehitriny, rehefa nanao an'ilay olona voalohany Izy!

55 Ankehitriny, tsarovy, ny rehetra miaraka dia efa Nananany tao an-tSainy izany. Ary efa nandalovako izany tamin'ny Alahady hariva. Ny—ny teny iray dia fisainana iray voaseho. Nihevitra Andriamanitra hoe ahoana no haha-Andriamanitra Azy, ahoana no Ahafahany ho tompoina, ahoana no haha-Mpanasitrana iray Azy, ahoana no haha-Mpamonjy iray Azy; ary vantany vao niteny ny Teny Izy, dia vita mandrakizay izany. Oh, raha afaka mihazona an'io Teny io tahaka an'izany fotsiny mantsy ireo zanak'Andriamanitra ankehitriny. Rehefa miteny Teny iray Andriamanitra, dia vita ilay izy! Tanteraka tokoa! Mety niandry Izy . . . Ny tantaran'ny fotoana no milaza fa, na ny arkeology sy ny rehetra, milaza izy ireo fa angamba izao tontolo izao dia efa nisy an-tapitrisany sy an-tapitrisany sy tapitrisa. Tsy fantatro, mety efa nisy an-davitrisany sy an-davitrisany taona izy. Tsy fantatro hoe hafiriana izany. Andriamanitra tsy misy ao anatin'ny fotoana. Tsy manana fotoana iray minitra latsaka tamin'izay Nataony Izy rehefa Noteneniny ilay izy. Mbola Andriamanitra foana Izy. Tsy misy fotoana Aminy.

56 Tsy fantatro tahaka an'izany mihitsy izany raha tsy indray hariva, indray maraina, raha ny marina. Mandrakizay, tsy misy omaly, tsy misy ampitso, ny rehetra dia ankehitriny. Efa mba voamarikareo ve ilay teny hoe "IZAHO NO IZY"? Tsy hoe "Izaho efa" na "Izaho ho." Izany dia Mandrakizay, "IZAHO NO IZY!" Hitanareo, "IZAHO NO IZY," isan'andro!

57 Ankehitriny, fa Tiany ny hametraka an'ireo zavatra ao anatin'ny fotoana. Tsy maintsy nanao zavatra iray hanompo Izy, noho izany dia ireo Toetrany no namokatra an'io. Avy eo dia nanao ny olona Izy. Avy eo, tao amin'io olona io, dia toy ny hoe irery izy. Noho izany, ankehitriny, mba haneho ny Fisainany lehibe ankehitriny, izay Nananany tao amin'ny sarin'i Kristy sy ilay Fiangonana, dia tsy naka silaka tanimanga hafa iray Izy ka nanao vehivavy iray, fa naka avy tao amin'ny tehezan'i Adama Izy, taolan-tehezana iray; ka naka avy tao amin'ilay fanahin'i Adama, ilay vavy, ary nametraka an'izany tao anatin'io taolan-tehezana io. Rehefa mahita lehilahy iray izay mihetsika tahaka ny sarimbavy iray ianareo, dia misy zavatra tsy mety ao. Ary rehefa mahita vehivavy iray izay te-hihetsika tahaka ny lehilahy iray ianareo, dia misy zavatra tsy mety ao. Hitanareo, misy zavatra tsy mety ao. Izy ireo dia fanahy roa samihafa, tanteraka. Fa, miaraka, dia manao vongana iray izy ireo, "izy roa ireo dia iray." Noho izany dia nanao vehivavy sy lehilahy Izy, ary tsy tokony ho antitra mihitsy izy ireo, tsy maty mihitsy, tsy fotsy volo mihitsy, mihitsy. Nihinana izy ireo, nisotro izy ireo, natory izy ireo, tahaka ny ataontsika mihitsy, saingy tsy fantatr'izy ireo mihitsy hoe inona ny fahotana.

58 Ankehitriny dia hihodina mihitsy aho eto ho an'ny lesona hafa iray indray andro any, eo amin'ny taranaky ny menarana. Fa, nangataka ahy izy ireo hisintona an'izany. Saingy avelao aho hahita olona iray ho avy ka haneho amiko zavatra iray hafa. Izany no tiako ho fantatra, hitanareo.

59 Ankehitriny, fa avy eo taorian'io rehetra io, avy eo rehefa niditra ny fahotana, dia inona no miseho?

60 Any ambony lavitra any, ambony, iray tapitrisa, zato tapitrisa maily, dia misy toerana iray goavana tahaka an'*izao*, ary izany dia fitiavana agape tanteraka. Isaky ny manao dingana iray amin'*ity* làlana ity ianareo, dia mihatery iray inch izany. Ary fantatrareo hoe ho kely toy ny ahoana izany amin'ny fotoana ahatongavany eto an-tany. Izany dia aloka iray an'ny alok'ireo aloka. Izany no anananareo, izany no ananako, aloka iray an'ny alok'ireo aloky ny fitiavana agape.

61 Misy zavatra ao anatinareo ao, misy zavatra ao anatin'ny vehivavy tsirairay ato izay mihoatra ny roapolo taona, misy zavatra ao anatin'ny lehilahy tsirairay ato izay mihoatra ny roapolo taona, izay maniry mafy ny haharitra. Dimy taona fotsiny no anananareo, izany dia eo anelanelan'ny dimy ambin'ny folo sy roapolo taona. Aorian'ny roapolo taona dia manomboka mihamaty ianareo. Fa, manomboka amin'ny dimy ambin'ny folo taona, dia ankizy adolantsento iray fotsiny ianareo mandrapahatongan'izany. Ary avy eo dia mihalehibe ianareo mandrapahatonganareo roapolo taona. Ary aorian'ny roapolo taona, oh, hoy ianareo hoe, "Lehilahy tsara iray mihitsy aho." Ianareo fotsiny no milaza an'izany, fa tsy izany ianareo. Eo ampahafatesana ianareo ary mihalevona ianareo, tsy mampaninona izay ataonareo. Andriamanitra no nanalehibe anareo hatreo amin'io taona io, fa avy eo dia ho faty ianareo. Ankehitriny dia inona no mitranga? Ankehitriny dia manomboka maty ianareo, saingy ao anatiny ao dia misy zavatra ao anatinareo izay manao hoe, "Te-ho valo ambin'ny folo taona indray aho."

62 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo aho. Ahoana moa raha dimanjato taona lasa izay ianareo no teraka, nefa nijanona valo ambin'ny folo taona ianareo hatramin'ny androany? Raha tsy ho ntaolo iray ianareo, miaraka amin'ny hevitrareo tamin'ny dimanjato taona lasa! Talohan'ny hany nahatongavan'ireo razana mpivahiny teto, dia efa ramatoa tanora iray ianareo niaraka tamin'io karazana hevitra iray io. Nahoana, ho tsaratsara kokoa ho anareo ny nandroso sy lasa antitra ka velona dimanjato taona. Hitanareo, misy zavatra tsy mety ao.

63 Hoy ianareo hoe, "Eny, mahatsapa ho tena tsara aho izao ankehitriny izao, Rahalahy Branham. Oh, izaho dia—izaho dia—izaho dia valo ambin'ny folo taona, izaho dia enina ambin'ny folo taona, mahatsapa ho tsara aho." Ry malala, avelao aho hiteny zavatra aminao. Ahoana no ahafantaranao fa ny

reninao dia velona amin'ity minitra ity, raha tsy ato amin'ity fiangonana ity izy? Ahoana no ahafantaranao fa tsy novonoina ny sakaizalahinao vao minitra vitsy lasa fotsiny izay, na ny sakaizavavinao? Ahoana no ahafantaranao fa tsy ho vatana maty iray ao an-tranonao ianao amin'ny maraina? Ahoana no ahafantaranao fa hivoaka ny fiangonana ianao izao hariva izao, velona? Tena tsy azo antoka iray izany. Tsy misy na inona na inona azo antoka. Raha dimy ambin'ny folo taona ianareo, roapolo, sivy ambin'ny folo, dimy amby fitopolo, na sivifolo, dia misy. . . ny zavatra rehetra tsy azo antoka. Tsy fantatrareo izay itsangananareo. Kanefa maniry ny hiverina ho dimy ambin'ny folo taona ianareo, valo ambin'ny folo. Inona no mampanao anareo an'izany?

64 Ankehitriny, raha miverina ho valo ambin'ny folo taona ianareo ka mijanona eo, ary tsy harary mihitsy sy tsy ho mihitsy. . . dia tsy maintsy mila olona hafa ianareo hiaraka aminareo, satria hahavery an'izany ianareo, hitanareo. Hanohy handeha ao amin'ireo taona hafa ny olona fa ianareo ho ntaolo iray. Ho ratsy kokoa noho ny naha-antitra anareo niaraka tamin'izy ireo ianareo. Fa misy zavatra ao izay miantso anareo ho eo. Izany dia io agape kely io, io aloka kely io izay manao anareo. . . Zavatra iray eto ambony eto.

65 Ankehitriny, indray hariva, na indray maraina, tamin'ny fito ora, rehefa ny Fanahy Masina, nohon'ny Famindrampony sy ny Fahasoavany, dia nanala ahy tamin'ity vatana ity, mino aho, mino aho. Eny na tsia, tsy lazaiko, fa niditra tao amin'io tany io aho ary nahita an'ireo olona ireo, ka tanora izy rehetra. Ary nahita an'ireo olona tsara tarehy indrindra izay hany hitako teo amin'ny fiainako aho. Ary hoy Izy tamiko hoe, "Ny sasany amin'izy ireo dia sivifolo taona. Ireo anao izay niova fo izy ireo. Tsy mahagaga raha miantsoantso izy ireo hoe, 'Ry rahalahiko! Ry rahalahiko!'"

66 Ankehitriny, izany dia vatan-danitra iray, ka rehefa maty isika dia tsy lasa angano iray, lasa vatana iray isika. Raha isika no, ny tsirairay avy, ho faty, raha hanapoaka antsika tanteraka ny baomba atomika amin'izao minitra izao, ao anatin'ny dimy minitra manomboka izao isika dia hifandray tànana sy hifamihina, ary hiantsoantso sy hanohy, ary hanome voninahitra an'Andriamanitra! Eny, tompoko. Ary Rahalahy sy Ranabavy Spencer izay mipetraka eto, heveriko fa ny iray amin'ireo mpivady antitra indrindra ato, dia ho valo ambin'ny folo, roapolo taona. Rahalahy Neville dia ho tovolahy iray fotsiny, ary izaho ho ankizy tanora iray. Ary isika rehetra fotsiny dia ho. . . Izany marina tokoa ity Fahamarinana ity. "Raha ravàna ity tabernakely fonenana an'ny tany ity, dia manana anankiray isika izay efa miandry."

67 Rehefa mivoaka avy ao amin'ny reniny ny zaza kely iray, araka ny fahaterahana ara-boajanahary, dia miolanolana ny vatana keliny ary mitsipatsipaka ireo ranjony, sy ny sisa. Miala

tsiny amin'ilay fitenenana, ianareo vehivavy tanora. Fa, rehefa manao izy, ireo hoza-piainana no manetsiketsika. Fa rehefa tonga eto an-tany izy, ny zavatra voalohany, dia mandray ny fofon'ainy izy, ary misy vatana ara-panahy iray an'ny natiora mba hiditra ao anatin'io zazakely io eo no ho eo. Avelao izy hipetraka tsara, haka ny loha keliny izy ary hifikitra amin'ny nonon-dreniny ka hanomboka hinono. Raha tsy manao an'izany izy, dia tsy ho tonga mihitsy akory aza ny ronono.

68 Efa mba nahamarika zanak'omby iray ve ianareo rehefa teraka izy, izany. . . vantany vao afaka manana tanjaka ampy hitsanganana amin'ny ranjony izy? Iza no miteny an'izany? Mandeha avy hatrany manodidina ny reniny, manomboka mamikitra eo ary manomboka minono. Oh, hia!

69 Satria, rehefa entina eto ity vatan'ny tany ity, dia misy vatana ara-panahy iray vonona ho an'izany. Ary io vantany vao. . . Oh, haleloia! "Fa raha ravàna ity tabernakelin'ny tany an'ny fonenantsika ity, dia misy anankiray efa miandry any." Vantany vao mivoaka avy amin'ity anankiray ity mihitsy isika, dia miditra ao amin'io anankiray io; anankiray izay tsy mila rano mangatsiaka fisotro, tsy mila rano fisotro; anankiray izay tsy mihinana, tsy avy amin'ny vovoky ny tany izy ireo. Saingy tena misy mihitsy izy ireo, ary afaka mahatsapa sy mandray tànana, ary mitia fotsiny ka ny zavatra rehetra dia tanteraka. Ary miandry any io vatana io. Ampahan'izany ilay izy. Misy telo amin'izy ireo.

70 Manomboka ny Fiainana Mandrakizainareo eto amin'ny alitara eto mihitsy ianareo. Eto ianareo no manomboka ny Mandrakizay. Oh! Manomboka Fiainana Mandrakizay eto mihitsy ianareo. Avy eo ianareo dia nateraka indray, zanak'Andriamanitra iray. Ary avy eo rehefa maty ianareo, dia manomboka. . . Rehefa mamely anareo ao amin'ity vatana ity ny fahafatesana ka mitsahatra tsy mitempo ny fo, ary manomboka mipetraka tsara ireo kodiarana mety maty, io aloka kely izay aloka iray an'ilay aloka io, ao anatin'ny iray segondra dia lasa aloka iray an'ilay aloka izany, avy eo ny manaraka dia lasa ilay aloka izy, avy eo ny manaraka dia lasa makarakara kely iray izy, avy eo ny manaraka dia lasa helodrano kely iray izy, avy eo ny manaraka dia lasa renirano iray izy, ary ny manaraka dia lasa ranomasimbe iray izy, ary afaka kelikely dia mitsangana eo amin'ny fanatrehan'ireo malalanareo mitsangana any ianareo, mitafy an'ireo akanjon'ny vatan-danitra iray, ka mifankahafantatra ianareo, mifankatia, miverina ho lehilahy tanora sy vehivavy tanora indray. Marina tokoa izany. Miandry eo izy mandra-pahatongan'ny fihavian'ny Tompo Jesosy. Ary indray andro any io vatana nomem-boninahitry Ny. . . Tsarovy ankehitriny, vatan-danitra iray io, fa tsy nomem-boninahitra, vatan-danitra iray. Ary indray andro any io vatan-danitra io dia handao ny Lanitra miaraka amin'i Jesosy.

71 "Fa izao no lazaiko aminareo," Tesaloniaina Faharoa, ny toko faha-5, na Tesaloniana Voalohany, toko faha-5, ny iray na ilay hafa, "Lazaiko aminareo, tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, mikasika an'ireo izay nodimandry, mba tsy halahelovanareo, tahaka ny sasany izay tsy manana fanantenana. Fa raha mino isika fa maty Kristy ary nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, dia ho toy izany koa no hitondran'Andriamanitra miaraka Aminy an'ireo izay nodimandry ao amin'i Kristy. Fa izao no lazainay aminareo araka ny didin'ny Tompo, fa isika izay velona ka mitoetra mandra-pihavian'ny Tompo, dia tsy hialoha na hisakana" (ny teny tsara indrindra) "hisakana an'ireo izay nodimandry. Fa hotsofina ny trompetran'ny Tompo, ka ireo izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha." Midina ireo vatan-danitra ireo ary mitady an'ireo vatan'ny tany, nomem-boninahitra. "Ary isika izay velona ka mitoetra dia hovaina ao anatin'ny fotoana fohy, ao anatin'ny indray mipi-maso, ka hakarina miaraka amin'izy ireo, mba hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka."

72 "Tsy hisotro na hihinana intsony ny vokatry ny voaloboka Aho mandra-Pihinako an'izany indray miaraka aminareo ao amin'ny Fanjakan'Ny Raiko," ilay Sakafo harivan'ny Mpanambady. Satria ireo telo taona sy tapany no amaranan'ilay antikristy ny fanjakany, rava izao tontolo rehetra izao, antsoina hivoaka ireo Jiosy, mampahafantatra ny tenany amin'ireo Jentilisa i Josefa, na amin'ireo Jiosy. Tsarovy, rehefa nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahy i Josefa, dia tsy nisy Jentilisa anankiray nanatrika teo. Rehefa nalefany... Fantatrareo ilay tantara. Josefa, ilay tandindona tanteraka an'i Kristy, tamin'ny fomba rehetra. Ary rehefa nampiantso an'ireo rahalahiny i Josefa, ka tonga izy ireo, dia nijery izy ka nahita an'i Benjamina kely, ary hitany teo izy ireo ary tamin'izay fotoana izay izy... Hoy izy ireo hoe, "Nahoana, ity lehilahy ity! Isika—tsy tokony namono ny rahalahintsika isika, Josefa." Hitan'ireo Jiosy fa nanao fahadisoana iray izy ireo; ankehitriny rehefa Kristy, rehefa mampahafantatra ny Tenany amin'izy ireo Izy. Ary tena feno i Josefa, tsy maintsy nitomany izy, saiky, noho izany dia navoakany ny vadiny sy ireo zanany, ary ireo mpiambina rehetra sy ny zavatra hafa, ka nandefa azy ireo hankany andapa. Marina tokoa. Ary tamin'izay fotoana izay teo amin'ny fanatrehan'ireo Jiosy irery, dia hoy izy hoe, "Izaho no Josefa, rahalahinareo. Izaho no rahalahinareo." Ary tamin'izay fotoana izay dia niankohoka izy ireo ary nanomboka nangovitra, nanao hoe, "Ankehitriny dia fantatsika fa ho azontsika ilay izy, satria dia namono ny rahalahintsika isika. Nilaza isika fa namono ny rahalahintsika isika, nefa ankehitriny dia izy io mpanjaka lehibe io."

73 Hoy izy hoe, "Andriamanitra no nanao an'izao ho an'ny tanjona iray, mba hamonjy aina." Izany marina tokoa no

antony nanaovan'Andriamanitra an'izany, mba hamonjy antsika Jentilisa. Fa tao amin'ny lapa ireo Jentilisa. Haleloia! Satria nolavin'ireo Rahalahiny, Josefa, dia naka Ampakarina iray Izy; ary ny Ampakarina dia Jentilisa iray, fa tsy Jiosy iray. Eny àry.

74 Ankehitriny, ho tonga aiza ianareo ankehitriny? Rehefa avy mitafy an'io vatana be voninahitra io isika, sy ilay taona lehibe izay ho avy; rehefa io vatana nomem-boninahitra io, efa natao ho vatana nomem-boninahitra iray io vatan-danitra io. Azonareo ve izay tiako lazaina ankehitriny? Amin'izay fotoana izay aho dia afaka handeha eo ka hanao hoe, "Rahalahy Neville!" Mamelà ahy hanome kisarisary kely ho anareo. Hilaza aho hoe, "Rahalahy Humes, ndao isika handeha hankany amin'i Papa izao maraina izao." Andriamanitra Izy. Fantatsika Izy ankehitriny, Mpamonjy iray Izy, Mpanasitrana iray Izy.

75 Tsy nisy mihitsy izany hoe famoronana fahotana izany. Tsy nandeha tsara izany, sa tsy izany? Tsy famoronana iray ny fahotana. Tsia, tompoko! Fanimbàna iray ny fahotana. Mpamorona anankiray ihany no misy, Andriamanitra izany. Ny fahotana dia ny fahamarinana nosimbaina. Inona ny fijangajangana? Fahamarinana iray nosimbaina. Inona ny lainga? Ilay fahamarinana diso faneho. Izany tokoa. Inona ny teny fanozonana? Izany dia ireo tso-dranon'Andriamanitra navadika ho teny fanozonana amin'Andriamanitra, raha tokony ho tso-drano iray. Tsy famoronana iray ny fahotana. Fanimbàna iray ny fahotana. Noho izany, tsy afaka namorona fahotana i Satana, nanimba fotsiny an'izay noforonin'Andriamanitra izy. Tena marina tokoa izany. Ny fahafatesana dia fanimbàna iray fotsiny ihany ny fiainana.

76 Mariho ity ankehitriny, mariho ity. Amin'izay fotoana izay dia handeha aho, ka hilaza hoe, "Rahalahy Humes, ndao izaho sy ianao, ary Rahalahy Beeler sy ny sasany amin'ireo rahalahy, handeha hankany amin'i Papa isika, Andriamanitra. Ary, atao hoe, ndao isika hanao dia kely iray. Ianareo zazalahy dia tia an'ireo tendrombohitra rehefa ianareo . . . "

"Hia, azo antoka fa tia izahay."

77 "Oh, misy an-tapitrisany vitsivitsy amin'izy ireo any amin'io tontolo vaovao any io. Mandehana mankany, tetezo izy ireo."

78 "Izaho tsy maintsy . . . ? . . . masoandro isan'andro, miakara avo. Handre anareo Aho. Raha mbola miteny izy ireo, dia handre Aho." Isaia 66. Marina izany.

79 Ary fantatrareo, mandeha manerana eo aho, izahay rehetra dia mandeha manerana eo mandritry ny eo amin'ny dimanjato taona eo fotsiny, dia kely iray fotsiny, iray tapitrisa, tsy manao fahasamihafana mihitsy izany, hitanareo. Ary ankehitriny—ankehitriny dia ohatry ny hoe adaladala izany, saingy izany no fahamarinana. Hitanareo, izany no fahamarinana, satria tsy misy fotoana any, Mandrakizay izany. Ary rehefa mandeha eo

aho, mandehandeha manerana eo, dia fantatrareo ve hoe iza no izaho—izaho—ihaonako eo? Hoy aho hoe, "Eny, raha tsy Ranabavy Georgie Bruce io! Nahoana, Ranabavy Georgie, efa ela no nahitako anao." Tahaka azy isan'andro fotsiny izy. Hitanareo? Mety folo tapitrisa taona izy, saingy tanora mihitsy araka izay naha-izy azy hatramin'izay. Ho eo am-pihaorana olona iray eo amin'ny lamosina izy, ary mijery eo aho, i cheetah io, ilay liona.

Hoy aho hoe, "Manao ahoana ianao izao maraina izao, ry cheetah?"

80 "Miaoo," tahaka ny zana-tsaka iray. "Oh, efa tany aho niresaka tamin'ny sasany tamin'ireo anabavy nanodidina an'ireo voninkazo goavana tany, efa tany isika teo amin'ny dimanjato taona teo, hitanao, nijery manodidina." Ankehitriny, toa ohatry ny adaladala izany, saingy izany no fahamarinana. Marina tokoa izany. Tahaka an'izany no nikasan'Andriamanitra azy.

81 Eny, ho tahiana anie ny fonao, Ranabavy Georgie. Tsy misy loza afaka ho tonga, na inona na inona mihitsy. Amin'ny andro hariva dia hiakatra eo an-tampon'ilay tendrombohitra isika, ka hanao hoe, "O Papa, Andriamanitra, very aho fahiny. Oh, tao anatin'ny fotaky ny fahotana aho fahiny, Papa, Andriamanitra, ka namonjy ahy Ianao."

82 Nahoana, ireo olona izay niezaka naneho an'izany dia lasa adala. Eny, ilay lehilahy izay nanoratra ny andininy faran'ilay *O Ry Fitiavan'Andriamanitra,* izay nanoratra teo amin'ny rindrin'ny marary saina an'ny toeram-pitsaboana iray, izay niezaka naneho ny fitiavan'Andriamanitra. Ahoana fa niondrika Izy mba hamonjy an'ireo mpanota, ary ahoana no Nataony, ny Fitiavany izay nidina mba hamonjy ahy sy ianareo. Miresaka ny amin'ny fanompoana, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ireo Anjely! Ny fanompoana, ny fantatry ny Anjely iray fotsiny. . . Izy dia mitsangana eo ary manao an'ireo Elany mandroso sy miverina, ary mitsivalana, "Haleloia! Haleloia!" Fa, oh, mamindrà fo! Rehefa tonga eo amin'ny fahafantarana fa very aho ary hita ankehitriny, maty aho, fa velona indray! O Andriamanitra, fahotana aho, fotaka aho, ary teo amin'ny fanariam-pako iray aho!

83 Ity no tsara indrindra izay azon'ny fiainana omena anareo. Efa mba nandeha tany amin'ny fanariam-pakon'ny Colgate eto ve ianareo? Izany no toerana maimbo indrindra izay hany nandehanako. Io setroka ratsy io dia manao ahy harary fotsiny ny manimbolo azy. Mandry eo ao amin'io setroka ratsy rehetra io, tena marary ao amin'ny vavoninareo, misalebolebo ao anaty ao, rehefa avy maka menaka castor. Hitanareo, marary mihitsy arak'izay maha-izy anareo! Ary ireo voalavo mihazakazaka eo amboninareo daholo, miezaka ny hihinana anareo. Ary izany no tsara indrindra amin'ny fiainana. Ary avy eo dia misy olona iray maninji-tànana ka mandray anareo. Ary tena antitra ianareo ka tsy afaka manampy ny tenanareo. Ary mandray anareo

fotsiny ka mamadika anareo ho zazalahy iray valo ambin'ny folo taona, mametraka anareo eo an-tampon'ny tendrombohitra iray, ilay tena famoazan'ny fahasalamana mihitsy, oadray, fofon'aina tsara an'ny rivotra madio tahaka an'izany, rano fisotro mangatsiaka tsara. Mba te-hiverina indray eo amin'io fanariam-pako io ve ianareo? Sanatria, sanatria, sanatria, sanatria tsy hiverina indray eo amin'io fanariam-pako io.

84 Ankehitriny, izany no tiako lazaina, ry sakaiza. Izany ilay fahitana, na famindrana, na inona na inona, fahitana iray. Hilaza aho hoe fahitana, satria matahotra aho sao handratra olona iray ny filazana hoe famindrana, izany ilay izy. Ankehitriny, izany dia rehefa Andriamanitra . . . no nataon'Andriamanitra mba hitondra an'ireo zanakalahy sy zanakavavy ho eo Aminy. Ankehitriny, iza ireo olona ireo? Ahoana izy ireo no mba . . . Inona no nataon'ireo olona ireo mba ho mendrika an'io? Ahoana no mba nanaovan'izy ireo an'izany? Andriamanitra, tany amin'ny fiandohana, talohan'ny hany nanaovana Anjely iray . . . Firy no mahafantatra fa tsi-manam-petra Izy? Raha tsy izany Izy, dia tsy Andriamanitra Izy. Noho izany, Andriamanitra, tao amin'ny Famindrampony tsi-manam-petra, dia Hitany fa hanao an'izany i Losifera, raha namorona an'io Izy. Napetrany teo amin'ny safidy malalaka izy ireo, io fototra io. Ary mbola eo foana ianareo, marina izany, ilay hazon'ny tsara sy ratsy dia mipetraka eo anoloan'ny tsirairay avy amintsika, ataovy ny safidinareo. Ary Losifera no anankiray voalohany naka an'ilay làlana ratsy. Ary nanomboka nisintona nanaraka azy, tia tena, niezaka naka ny rehetra ho an'ny tenany, miezaka ny hisongona olon-kafa. Ary teo no nanombohan'izany. Ankehitriny, henoy ity. Teo no nanomboka ny fahotana. Andriamanitra, tao amin'ny Fisainany tsi-manam-petra, dia nahita an'izany, ary nahita fa ny fomba tokana . . .

85 Ankehitriny, ianareo rahalahy triniterana, tsy te-handratra anareo aho, fa ahoana ao amin'ilay Anaran'ny Tenin'Andriamanitra tsara no ahafahanareo mba hametraka an'i Jesosy ho olona iray misaraka amin'Andriamanitra Izy tenany? Raha afaka naka olona iray hafa Jesosy ka nanao azy handeha sy ho faty, mba hanavotra an'io olona eto io, dia ho olona iray tsy marina Izy. Fomba tokana ihany no mba azon'Andriamanitra hanaovana an'izany, dia Izy tenany no haka an'ilay toerana! Ary tonga nofo Andriamanitra mba Ahafahany hanandrana ny fanaintainan'ny fahafatesana, mba hanaisotra an'ilay fanindronana sy ny fahafatesana hiala amintsika, mba ahafahantsika ho voaavotra amin'ny alàlan'ny Azy Manokana. Izany no antony tena hanompoana Azy. Olona iray Jesosy, azo antoka fa izany Izy. Olona iray Izy, o-l-o-n-a, naterak'i Maria virijiny. Saingy ilay Fanahy izay tao Aminy dia Andriamanitra tsy nisy fatra, tao Aminy no nitoetra ny fahafenoan'ny maha-Andriamanitra ara-batana. Izy no

Jehovah-jire, Izy no Jehovah-rafa, Izy no Jehovah-manase, Izy no Jehovah; ny Ampingantsika, ny Fiarovan-tratrantsika, ny Mpanasitrana antsika; Izy no Alfa, Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana; Izy no Voalohany, ny Farany; Izy no Nisy, Izay Misy, ary Ho Avy; ilay Fototra sy Solofon'i Davida, ilay Kintan'ny Maraina, nahoana, Izy no Rehetra-amin'ny-rehetra. Tao Aminy no nitoetra ny fahafenoan'ny maha-Andriamanitra ara-batana!

86 Ary efa nanana fanindronana foana ny fahafatesana, izay nanindrona ny olona, "Ah," hoy ny devoly, "azoko ianao, satria nihaino ahy. Tsindroniko ianao, hametraka anao ao anatin'ny fasana aho. Tsy afaka hanampy anao mihitsy io ràn'ondry io, ràm-biby iray fotsiny io." Saingy Andriamanitra, tao amin'ny Fahendreny, dia nahafantatra fa hisy Zanak'ondry iray ho avy, voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Eny, tompoko. Ary izy ireo. . .Izy dia niandry an'io fotoana io, ny ahatongavan'ny fahafenoan'ny fotoana.

87 Fa indray andro rehefa tonga io Zanak'ondry io, io Lehilahy io, dia lasa adala mihitsy aza i Satana. Nijery nanodidina Azy izy, hoy izy hoe, "Raha Ianao no Zanak'Andriamanitra, dia ataovy *ity*. Raha Ianao no Zanak'Andriamanitra, dia manaova fahagagana ka avelao aho hahita Anao manao an'izany. Avelao aho hahita Anao manao an'izany. Ah-hah, hamatotra vorodamba iray manodidina ny Tavanao aho, hamelaka Anao. Raha mpaminany iray Ianao, dia teneno aminay hoe iza no nikapoka Anao." Ham! "Izaho tsy, tsy mino aho fa Ianao ilay Zalahy. Raha Ianao no izy, dia teneno aminay avy hatrany hoe Ianao no izy." Hitanareo, ny rehetra tahaka an'izany. "Oh, teneno aminay fa Ianao no izy!" Tsy nanokatra ny Vavany Izy. Oh, oh, tsy niraika mihitsy Izy tamin'izany!

88 Nitodika tany amin'ny mpianatra Izy, ka nanao hoe, "Afaka miteny amin'Ny Raiko Aho ary Izy haniraka legionan'Anjely roa ambin'ny folo ho Ahy, raha Nilaiko." Tsy nandre an'izany i Pilato, fantatrareo.

89 "Raha Ianao! Raha Ianao. Oh, tsy Izy io. Nahoana, jereo Izy mivoa-drà. Hey, ny sasany aminareo miaramila tongava eto ka roray ny Tavany." Nandrora, naneso Azy, nisintona volombava eran'ny tànana avy teo amin'ny Tavany. "Oh, tsy Izy! Tsia, tsy Izy io! Hampififikitra ny fanindronako ao Aminy aho, ry tovolahy. Ho azoko Izy ery ambony ery. Azoko Ianao ankehitriny!"

90 Rehefa niantsoantso farany Izy hoe, "Ely! Ely! Ry Andriamanitro! Ry Andriamanitro!" Olona iray izany. "Nahoana no nahafoy Ahy Ianao?"

91 Tao amin'ny sahan'i Getsemane, dia niala Taminy ilay hosotra, fantatrareo, tsy maintsy maty toy ny mpanota iray Izy. Maty mpanota iray Izy, fantatrareo izany; tsy ireo Fahotany, fa ny ahy sy ny anareo. Teo no tonga io fitiavana io, toy ny ahoana no

Nitondrany ny ahy! Oh, haleloia, toy ny ahoana no Nitondrany ny ahy!

92 Ary teo Izy, tsy afaka nanokatra ny Vavany Izy. Hoy ilay fanindronana hoe, "Fantatrao, mino aho fa olona tsotra iray fotsiny io. Tsy nateraky ny virijiny Izy, satria nampifikiriko tao Aminy ny fanindronako."

93 Ary indro izy tonga, nandentika ny fanindronany tao Aminy, saingy ilay fotoana diso izany, ry tovolahy! Nanao ny fanindronany niala izy tamin'io fotoana io. Tsy afaka manindrona intsony izy nanomboka tamin'io fotoana io, navelany tao ny fanindronany. Nitsangana tamin'ny andro fahatelo, ka nanao hoe, "Izaho no Izy ilay maty, ary velona indray, ary velona mandrakizay, Izaho no manana an'ireo fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo." Eny, tompoko. Diso tamin'ny fahitana izy hoe Iza io. "Ary satria velona Aho, dia ho velona koa ianareo. Tsy mbola miseho izany . . . "

94 Indray andro, telo na efatra andro taorian'izany, rehefa avy niakatra nankany amin'ny Ray Izy, dia niverina indray, tamin'izay fotoana izay dia hoy ny sasany hoe, "Oh, Izy dia . . . Izy—tsy maintsy ho matoatoa iray Izy. Izy dia tsy maintsy manana karazana zavatra matoatoa amin'io Zalahy io. Ary isika . . . Nahita Azy ianao. Nahita an'ilay fahitana ianao."

"Tsia, tena ilay Jesosy Izy."

95 Hoy i Tomasy hoe, "Avelao aho hahita ny Tànany sy ny sisa, dia ho teneniko aminareo raha izy izany."

96 Hoy Izy hoe, "Inty Aho." Hoy Izy, "Manana trondro sy mofo ve ianareo eo? Itondray mofo misy hena iray Aho." Dia nitondra mofo misy hena iray ho Azy izy ireo, ary nitsangana teo Izy ka nihinana an'izany. Hoy Izy, "Ankehitriny, mihinana tahaka Ahy mihinana ve ny fanahy iray? Manana nofo sy taolana tahaka ny Ananako ve ny fanahy iray?" Hitanareo? Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy. Izaho io."

97 Ary hoy i Paoly hoe, "Tsy mbola miseho marina tokoa hoe karazana vatana inona no hananantsika, saingy fantatsika fa hanana vatana iray tahaka ny Azy isika." Inona? Efa mba nanana an'io vatana teofania io ve Izy? Eny, tompoko! Rehefa maty Izy, ny Baiboly dia nilaza hoe "Izy," izay mpisolo anarana iray indray, "Izy dia nandeha nankany amin'ny helo ka nitory teny tamin'ireo fanahy tao an-tranomaizina." Haleloia! Ahoana no Nanaovany an'izany? Nanana taovam-panamboloan'ny fahatsapana Izy, nanana taovam-panamboloan'ny fandrenesana Izy, nanana taovam-panomboloan'ny fitenenana Izy, nitory teny tamin'io karazana vatana iray ihany io Izy izay nahitako an'ireo nomem-boninahitra indray hariva. Nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao amin'ny helo Izy, izay tsy nibebaka tamin'ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa.

98 Fa rehefa nitsangana Izy tamin'ny Paska, dia tsy azo natao mihitsy ny hahitan'io vatana io ny fahalòvana, satria Davida mpaminany no efa nahita an'izany mialoha hoe, "Tsy hahafoy ny Fanahiny ao amin'ny helo Aho, tsy hamela Ny Iray Masiko koa hahita ny fahalòvana Aho. Izany no hitsaharan'ny Nofoko ao amin'ny fanantenana, satria tsy hahafoy ny Fanahiko ao amin'ny helo Izy, tsy hahafoy Ny Iray Masiko koa hahita ny fahalòvana Izy." Ary roa amby fitopolo ora talohan'ny nahafahan'ny fahalòvana hiditra, io teofania io, io vatana izay nandeha sy nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina io, izay tsy nibebaka tamin'ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa, dia nitsangana indray, ary nitafy ny tsy mety maty ilay mety maty, ka nitsangana Izy ary nihinana Izy, ka niteny tamintsika Izy fa Olona iray Izy. Haleloia!

99 Toy izany no hahitantsika Azy, Rahalahy Evans. Izany dia rehefa hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida Izy. Haleloia! Izany dia rehefa handeha tongotra miakatra sy midina isika ankehitriny, hanao dia iray miaraka aminareo aho manerana an'ireo tendrombohitra mandritry ny iray tapitrisa taona, hitanareo, andro vitsy fotsiny, minitra vitsy fotsiny, dia handeha hitety any isika, hipetraka manerana any.

100 Ary rehefa tonga ny fotoana ihinanana, fantatrareo, ny zavatra voalohany fantatrareo, nilaza i Ranabavy Wood... Hoy aho hoe, "Ranabavy Wood, eny, taiza ianao nandritr'io fotoana rehetra io? Tsy nahita anao nandritry . . . toy ny hoe dimy ambin'ny folo minitra ilay izy amiko."

"Oh, roa arivo taona lasa izany, Ranadahy Branham."

101 "Ah-hah. Ahoana no tsapanao?" Oh, mazava ho azy fa tsy afaka mahatsapa afa-tsy hoe tsara ianareo.

102 "Hono ho'aho, avia eto, ry tovolahy, hasehoko anareo ny zavatra rehetra, ry rahalahy, ry rahalahy malalako. Ity misy loharanon-drano iray eto, ny tsara indrindra izay hany sotroinareo. Ary, oh, haka fisotro mangatsiaka tsara iray isika. Haninji-tànana etsy aho ary haka andiam-boaloboka goavana be iray, dia hipetraka eo isika rehetra ka hihinana an'izany." Tsy hahafinaritra ve izany? Izany marina tokoa ilay izy. Izany mihitsy ilay izy.

103 Ahoana no nahazoantsika an'io? Ahoana no ahafantarantsika an'izany? Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, no efa nifidy antsika mialoha! Iza? Ireo izay ao amin'ilay Tany nampanantenaina.

> *. . . nifidy antsika mialoha* amin'*ny fananganan-janaka tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy . . . araka* ny *fankasitrahany tsara an'ny sitrapony,*
>
> *Ho an'ireo* fiderana *an'*Ny *voninahiny . . .*

Mba ahafahantsika hidera Azy tahaka ny Nolazainy. Izany no naha-izy Azy, Andriamanitra. Te-hidera Azy isika.

> . . . fiderana *an'*ny *voninahitry ny fahasoavany, izay* efa *nanaovany antsika ho* ekena *ao amin'ny malala.* Ekena isika ao amin'i Kristy.
>
> *Ao aminy no ananantsika fanavotana amin'ny alàlan'*ny *rà, ny famelàna ny* f-a-h-o-t-a-n-a . . .

104 Tsy maintsy miverina amin'ny fananganan'anaka aho, saingy te-hijanona eo amin'ny "fahotana" aho eto iray minitra. "Fahotana," efa mba voamarikareo ve izany? Fantatrareo ve fa tsy manameloka mpanota iray Andriamanitra satria hoe manota? Manameloka azy Izy satria mpanota iray. Raha mifoka sigara ny mpanota iray, dia tsy manameloka azy amin'izany Izy; mpanota iray izy, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Hitanareo? Tsy manana fahotana izy, tsy manana ilay mpanota. Mpanota iray fotsiny izy, hitanareo, tsy manana fahotana izy. Fa ianareo no manana fahotana, ianareo izay Kristiana. Voamarikareo eto fa miresaka amin'ilay Fiangonana izy. Manitsy azy. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? "Famelàna ny fahotana," f-a-h-o-t-a-n-a. Manao fahotana isika. Fa ilay mpanota dia mpanota iray fotsiny, tsy mamela azy Andriamanitra.

105 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Eny, nandeha teo izy ary nitifitra lehilahy iray. Inona no ataonao mikasika an'izany?" Tsy asako izany. Tsy mpanavao iray aho, mpitory teny iray aho. Ny lalàna no hikarakara an'izany, mpanavao izy ireo. Izy ireo dia . . . "Eny," hoy ianareo, "nijangajanga izy." Izany, izany—miankina amin'ny lalàna izany. Eo anelanelany sy ny lalàna izany. Izaho—izaho—izaho—tsy mpanavao iray aho, tsy manavao ny olona aho. Te-hanao azy ireo hiova fo aho. Mpitory teny iray aho, hitanareo, ny asako dia ny hitondra azy eo amin'Andriamanitra. Raha nanota izy, dia asany izany, mpanota iray izy. Andriamanitra no manameloka azy eo amin'ny ambaratonga iray avo kokoa. Mpanota iray izy eo am-panombohana, voaheloka izy eo am-panombohana. Tsy tonga teo amin'ilay fototra voalohany akory aza izy, izy—izy—tsy aiza na aiza izy. Mpanota iray izy eo am-panombohana. Tsy manana fahotana izy, mpanota iray izy.

106 Tsy afaka handeha hivoaka ianareo ka hanao hoe, "*Ity* ampahany ity dia alina, ary *ity* ampahany ity dia tsy alina." Tsia, alina daholo ilay izy, alina daholo fotsiny. Izany no nolazain'Andriamanitra. Marina izany, mpanota iray fotsiny izy, izay ihany. "Ankehitriny, izy no nanao an'ity, *ity* ampahany ity dia alina, *ity* dia tena alina mamiratra eto mihitsy." Fantatro, saingy alina daholo fotsiny ilay izy, izay ihany. Hitanareo?

107 Tsy afaka hilaza aho hoe, "*Ity* ampahany ity dia hazavana eto mihitsy." Tsia, hazavana daholo fotsiny ilay izy, hitanareo, hazavana fotsiny, tsy afaka milaza ianareo hoe firy. Hitanareo?

Fa raha tasy mainty iray izy ao amin'*ity,* amin'izay fotoana izay dia aizina no anatiny.

108 Noho izany "fahotana," f-a-h-o-t-a-n-a, mahazo famelàna ny fahotantsika isika amin'ny alàlan'Ny (inona?) Ràny, Ràny sarobidy.

*. . . araka ny haren'ny . . .*

109 Ahoana no anadinointsika an'izany? Satria mendrika ve isika, nanao zavatra iray mba hanao ny fahotantsika ho voavela? Ny inony?

*. . . fahasoavany;*

110 Oh, oadray! Tsy misy na inona na inona entiko eto antsandriko, Tompo. Tsy misy na inona na inona azoko natao, tsy misy zavatra iray azoko natao. Jereo! Izy no nifidy ahy mialoha, Izy no niantso ahy, Izy no nifidy ahy. Tsy izaho mihitsy no nifidy Azy. Izy no nifidy ahy, Izy no nifidy anareo, Izy no nifidy antsika rehetra. Tsy isika no nifidy Azy. Hoy Jesosy hoe, "Tsy ianareo no nifidy Ahy, Izaho no nifidy anareo." Hoy Izy hoe, "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha, ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy. Ary tsy misy very na iray aza, afa-tsy ilay zanaky ny fahaverezana, mba hahatanteraka ny—ny Soratra." Hitanareo? Hoy Izy, "Fa izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy."

111 Oh, tara loatra aho, sa tsy izany? Nefa aho tsy mbola nahavita an'ity mihitsy. Tsy mbola nanomboka an'ity akory aho. Mamelà ahy handeha haingana, tsy maintsy tonga eo amin'ny zavatra iray mihitsy aho eto haingana fotsiny ankehitriny, ary handeha haingana isika. Tsy maintsy miverina eo amin'ity fananganan'anaka ity aho iray minitra fotsiny. Oh, hamela ahy fotsiny ve ianareo mandritry—mandritry ny iray minitra fotsiny? Ndao isika haka an'ity, ny sasany amin'ireo olona dia avy any Georgia lavitra any ho an'izao hariva izao fotsiny, ho tahiana anie ny fon'izy ireo. Ankehitriny, ny rahalahy avy any Georgie, sy Texas ary na avy aiza na aiza ianareo, henoy ity andininy faha-5 ity. Ndao isika haharitra eo amin'izany minitra vitsy.

*Efa nifidy antsika mialoha amin'ny—amin'ny . . .*

112 Inona no dikan'ny teny hoe "amin'ny," ny teny hoe "amin'ny"? Izany dia midika fa misy zavatra hahatongavantsika, amin'ny. "Handeha any amin'ny loharano aho. Handeha eo amin'ny seza aho." Humes, azonao ve izany? "Handeha eo amin'ny birao aho."

> Ankehitriny, Izy *no nifidy antsika mialoha amin'ny fananganan-janaka amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy ho an'ny tenany, araka* Ny *fankasitrahany tsara* Manokana *an'ny sitrapony,*

113 Fankasitrahana firy? Fankasitrahan'iza izany, fahatsaran'iza? Ny Azy Manokana. Ny Fankasitrahany tsara Manokana an'Ny Sitrapony Manokana!

114 Ankehitriny, inona ny "fananganan'anaka"? Ankehitriny dia mamelà ahy haka an'ity ankehitriny, tsy fantatro na . . . Tsy hanana fotoana hahavitana an'ity aho, fa hikasika azy. Noho izany raha misy fanontaniana, dia afaka manontany ahy ianareo any aoriana kely amin'ny andro iray ao amin'ny hafatra iray, zavatra iray. Henoy. Ny fananganan'anaka anareo dia tsy ny fahaterahanareo. Ny fananganan'anaka anareo dia ny fametrahana anareo. Rehefa nateraka indray ianareo, Jaona 1:17, mino aho, rehefa ateraky ny Fanahin'Andriamanitra isika, dia zanak'Andriamanitra. Fa efa voafidy mialoha isika. Ankehitriny eto no ezahako hitondrana anareo, ho an'ity zanaky ny andro farany ity, hitanareo. Ho . . . Hitanareo? Isika dia efa voafidy mialoha ho (amin'ny) fananganan'anaka.

115 Ankehitriny, ankehitriny eto isika izao. Ankehitriny, ity no mandratra kely ny Pentekotista. Hoy izy ireo hoe, "Nateraka indray aho! Deraina ny Tompo, manana ny Fanahy Masina!" Tsara. Zanak'Andriamanitra iray ianareo. Marina izany. Kanefa tsy izany no resahako. Hitanareo, efa voafidy mialoha amin'ny fananganan'anaka ianareo. Fananganan'anaka, fametrahana zanaka iray izany.

116 Akaiky loatra an'ity aho, satria Becky no niteny tamiko fa lasa akaiky loatra an'ilay izy aho, tsy afaka mandre ianareo any aoriana. Izaho dia . . .

117 Hitanareo, ankizy iray. Firy no mahafantatra ny fitsipiky ny fananganan'anaka ao amin'ny Testamenta Taloha? Mazava ho azy, efa nahita ianareo. Teraka ny zanakalahy iray. Mino aho fa nanana an'izany aho tao amin'ny toriteny iray. Inona izany, Gene, tsaroanao ve? Eo amin'ny horonam-peo iray izany. Oh, inona izany? Izaho—izaho—izaho—niresaka teo amin'izany aho. Oh, hia, ananako ilay izy, *Izy No Henoy*. *Izy No Henoy*; ilay fananganan-janaka.

118 Ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa ny—rehefa teraka tao amin'ny fianakaviana iray ny ankizy iray, dia ankizy iray izy rehefa teraka, satria nateraky ny raiamandreniny, zanakalahy iray an'ilay fianakaviana izy ary mpandova ny zavatra rehetra. Ankehitriny, saingy io zanakalahy io dia notezain'ireo mpitaiza. Galatiana, ny toko faha-5, andininy faha-17 hatramin'ny faha-25. Eny àry. Notezain'ireo mpitaiza izy, mpanabe, mpampianatra. Ankehitriny, ohatra, raha nanana zanakalahy iray nateraka aho, atao hoe, izaho dia ray iray ary . . .

119 Ary izany ilay antony ao amin'ny King James, firy no mba efa nieritreritra fa tena hafahafa ny famaky an'izany ao amin'ny Fandikana King James, nanao hoe, "Ao an-tranon'Ny Raiko dia

misy fitoerana maro"? Trano iray, fitoerana maro. Hitanareo? Ny tena marina, tamin'ny—tamin'ireo andro izay nandikana ny Baiboly ho amin'ny King James, ny *trano* iray dia "toerana." "Ao amin'ny *toeran'*Ny Raiko dia misy fitoerana maro." Tsy ao amin'ny trano iray, ireo fitoerana, fa Izy dia nantsoina hoe ny Rain'io toerana io. Nataon'izy ireo tena ara-Baiboly izany, ao amin'ny Baiboly dia tahaka an'izany ilay izy.

120 Rehefa ny ray iray no nanana toeram-piompiana goavana be iray arivo ara, na zavatra hafa, dia nanana andiana olona izy mipetraka *eto*. Nanakarama mpiasa izy mipetraka *eto* hikarakara ny ondry, nanana sasany izy *eto* hikarakara ny biby fiompy, nanana sasany izy *eto* izay tonga hatrany amin'ny kijana ambony any amin'ny zato maily lavitra any, any nanana sasany *eto* mihitsy mikarakara an'ireo osilahy, ary nanana sasany nikarakara an'ireo ramole sy—sy ireo zavatra hafa. Izy—nanana fanjakana goavana iray fotsiny izy. Ary nitaingina teo ambonin'ny apondra keliny izy ka nandeha nankeo amin'ny tsirairay avy ary nahita hoe toy ny ahoana izy ireo, ny fanetezana ondry sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Tsy nanana fotoana izy . . .

121 Tsy afaka mandre ahy ianareo rehefa mandeha miala lavitra avy eto aho. Izaho—izaho—hiezaka aho ny hijanona eto. Afaka mandre ahy tsara ve ianareo rehetra ankehitriny, eto? Diniho.

122 Nitaingina izy, ary lasa nandeha, miezaka ny—ny hikarakara ny—ny—ny fanjakany. Noho izany dia tiany ankehitriny . . . Io zanakalahy io no ho mpandova ny zavatra rehetra izay ananany. Mpandova iray izy.

123 Ary rehefa teraka tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra isika, tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy, dia mpandova ny Lanitra, mpiara-mandova amin'i Jesosy, satria Izy no naka ny toerantsika. Izy lasa isika (fahotana), mba hahatonga antsika ho lasa Izy (fahamarinana). Hitanareo? Izy lasa izaho mba ahafahako ho lasa Izy, hitanareo, mpiara-mandova Aminy. Eny àry, tsarovy izany ankehitriny, ho an'ny tsirairay avy aminareo.

124 Ankehitriny, tsarovy, Andriamanitra no nifidy mialoha anareo, tamin'ny fahalalana mialoha, mba hahatongavanareo teo amin'Ity. Ny olona rehetra izay mahazo an'izany, atsangano ny tànanareo, hitanareo. Andriamanitra, tamin'ny fahalalana mialoha, dia nifidy anareo mialoha mba ho tonga ao amin'ilay Tany nampanantenaina. Inona ilay Tany nampanantenaina ho an'ny Kristiana amin'izao andro izao? Atsangano fotsiny ny tànanareo raha mahafantatra ianareo. "Ny teny fikasana dia ho anareo sy ho an'ny zanakareo, an'ireo izay lavitra. Ary izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, fa Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra, ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo." Ary ao amin'ny Isaia 28:18, "Didy tsy maintsy anampy didy, fitsipika anampy fitsipika; kely eto, kely etsy. Hazòny mafy izay tsara. Fa amin'ny

molotra miambakambaka sy fiteny hafa no Hitenenako amin'ity vahoaka ity. Ary ity no fitsaharana, (ny—ny Fitsaharana) ny tanin'ny sabata izay Nolazaiko fa tokony hidiran'izy ireo. Ary, ho an'io rehetra io, dia tsy nihaino izy ireo, fa nanifika ny lohany ka niala lavitra, ary tsy nihaino an'Izany." Hitanareo? Marina tokoa.

125 Inona izany? Tahaka an'ireo olona izay tonga avy tany Kanana lavitra tany marina tokoa, na avy tany Egypta, nanerana ny an-efitra rehetra, ary tonga teo akaiky mihitsy, tena akaiky mba hanandrana an'ireo voaloboka izay avy tao amin'ilay tany. Rahalahy, io, ireo lehilahy izay te-hanao ahy hisintona an'izany, ilay eo amin'ny Hebreo 6. Ahoana no ahafahako hanao an'izany? Ireo dia mpino mpanara-tsisiny, tsy hiampita mihitsy izy ireo! Tsy afaka miampita izy ireo. Jesosy no nilaza.

Hoy izy ireo hoe, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra."

126 Fa hoy Jesosy hoe, "Izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty." Izany hoe tafasaraka. Izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty. Marina izany. Hoy Izy, "Fa Izaho no Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra any An-danitra. Ny olona izay mihinana an'ity Mofo ity, dia tsy ho faty mihitsy izy. Marina izany. Eny, tompoko, manana Fiainana Mandrakizay izy raha mihinana an'Ity, Izaho ilay Hazon'Aina avy tao amin'ny sahan'i Edena."

127 Ankehitriny, hitanareo, ireo olona ireo dia tonga tena akaiky! Hitanareo, raha mahamarika ianareo ao amin'ny Hebreo 6, tsy hiverina amin'izany, fa ao amin'ny Hebreo 6 hoe, "Ireo olona izay natao ho mpandray anjara indray mandeha, tonga tena akaiky, ary efa nanandrana ny fanomezan-Danitra." Nipetraka teo izy ireo, nahita ny fanasitranana vita izy ireo, nahita an'ireo olona tao amin'ny herin'Andriamanitra izy ireo, nahita an'ireo fiainana niova izy ireo, saingy tsy hametraka tànana iray eo amin'Izany izy ireo. Tsia, tompoko. Tsia, tompoko. "Ary efa nanandrana ny herin'ny fiainana ho avy; ary raha tsy maintsy hanandrana ny hanavao ny tenany indray ho amin'ny fibebahana izy ireo, dia hita fa izy ireo—fa izy ireo dia nanohombo tamin'ny tenany ny Zanak'Andriamanitra indray, ary nanao ny Ràn'ny fanekena izay nanamasinana azy ireo . . . "

128 "Mikambana amin'ny fiangonana iray izay mino ny fanamasinana aho." Tena tsara izany hatreo, saingy tsy mandeha lavitra loatra ianareo. Hitanareo? Eny, tompoko. Ny an-efitra no nanamasina azy ireo. Eny, izany tokoa. Izy ireo dia nanana ny—izy ireo dia nanana ny menarana varahina sy ny—ny alitara varahina, ary ny zavatra rehetra tany, fanamasinana, saingy niditra tao Palestina ho an'ny fitsaharana izy ireo. Tsy . . .

129 Jereo ao amin'ny Hebreo 4, tsy milaza ve izy hoe "Fitsaharana iray hafa"? Namorona ny andro fahafito Andriamanitra ary nanome azy ireo fitsaharana tamin'ny

andro fahafito. Any amin'ny toerana hafa dia niresaka ny amin'ny andro fitsaharana iray izy hoe, "ary anio ao amin'i Davida." Avy eo dia Nomeny Fitsaharana iray hafa izy ireo hoe, "Mankanesa aty Amiko ianareo izay miasa fatratra sy mavesatra entana, Izaho hanome anareo Fitsaharana." Midira ao amin'io Fitsaharana io! Fa isika izay niditra tao amin'io Fitsaharana io dia efa nitsahatra tamin'ireo asantsika tahaka ny nitsaharan'Andriamanitra tamin'ny Azy tamin'ny sabata. Izany tokoa. Io ny sabatanareo, Fitsaharana. Io ilay tena Fitsaharanareo ao amin'io Tany nampanantenaina io.

130 Ny Fanahy Masina no teny fikasana iray an'ny olona. Fa nahoana izy ireo no hila an'ireo mpitory teny mahay nampianarina izay hamela azy ireo hanao sorta sy hanapaka ny volony, ary manao lokomena, ka ny lehilahy dia miloka sy misotro labiera ary miteny vazivazy, sy manohy ary manao hadalana tahaka an'izany, nefa miantso ny tenany ho mambran'ny fiangonana? Nahoana, haka zavatra tahaka an'izany izy ireo ka handà ny fitarihan'ny Fanahy Masina! Nahoana, ny Baiboly no nilaza fa ny Tenin'Andriamanitra dia maranitra noho ny sabatra roa lela ka mandidy hatrany amin'ny taolana, ary mpamantatra an'ireo eritreritry ny fo mihitsy aza. Eny, ny eritreritry ny fisainana mihitsy aza!

131 Ary raha tia an'izao tontolo izao isika na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatintsika akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra. "Maro no antsoina, fa vitsy no fidiana; satria èty ny vavahady ary tery ny làlana izay mitondra mankany amin'ny Fiainana, ka ho vitsy no hahita azy. Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany ka hipetraka ao amin'ny Fanjakana," hoy Jesosy, "miaraka amin'i Abrahama, Isaka ary Jakoba. Fa ireo zanaky ny fanjakana dia horoahina any ivelany, ka hanao hoe, 'Tompo, tsy efa nanao an'ity tamin'Ny Anaranao ve izahay? Tsy efa nitory teny ve izahay? Izahay ve tsy efa Dokotera *Ranona-sy-ranona* ary Revera *Ranona-sy-ranona?'* Tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho. Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka, tsy nahafantatra anareo Aho. Tsy izay rehetra manao hoe, 'Tompo, Tompo,' no hiditra. Fa ilay anankiray izay manao ny Sitrapon'Ny Raiko izay any An-danitra, izany ilay anankiray izay miditra."

132 Eo ianareo izao, miditra ao amin'io Tany nampanantenaina io. Ahoana no idirantsika ao? Voafidy mialoha ho amin'izany isika. Ilay Fiangonana, tamin'ny fahalalana mialoha an'Andriamanitra, dia efa voafidy mialoha (ho an'ny inona?) ho an'ny Hajany, nohon'ny Fahasoavany, ho an'ny voninahitra, sy fanompoana ary voninahitr'Andriamanitra. Papa, izay nipetraka tany amin'ny fiandohana tany, nisy tamin'ny alàlan'ny tenany, tsy nisy na inona na inona nanodidina Azy, dia nila zavatra hanompo, noho izany Izy dia nanendry mialoha sy nifidy mialoha fiangonana iray, ary talohan'ny fanorenana an'izao tontolo

izao, ka nametraka ny anaran'izy ireo tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, fony izy ireo . . . voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba ahafahan'izy ireo hiseho ho an'ny Voninahiny sy ho an'ny fiderana Azy amin'ny andro farany, rehefa hiangona ny zavatra rehetra ao amin'io Lehilahy anankiray io, Kristy Jesosy. Fioo! Voninahitra! Izay ilay izy. Izany fotsiny dia . . . Ary izany mihitsy ilay izy eo, ry rahalahiko, anabaviko. Aza miala eo amin'Izany mihitsy ianareo.

133 Andriamanitra, tamin'ny fahasoavan'ny Fifidianany, no niantso anareo. Andriamanitra, tamin'ny fahasoavan'ny Fifidianany, no nanamasina anareo. Andriamanitra, tamin'ny fahasoavan'ny Fifidianany sy ny Heriny, no nanao batisa anareo ka nampiditra anareo tao amin'io tanin'ny Fitsaharana io. Ireo izay niditra tao amin'io Fitsaharana io dia efa nitsahatra tamin'ny fahadisoan-dàlany. Nitsahatra tamin'ireo asany izy ireo tahaka an'Andriamanitra nitsahatra tamin'ny Azy. Manana fifaliana tsy hay lazaina izy ireo, ary feno voninahitra! Mamony ao anatin'izy ireo ilay Hazon'Aina. Manana fahari-po izy ireo, mora fanahy, fahatsarana, faharetana nanao finoana, finoana, fahalemem-panahy, fahamoram-panahy, sy ny sisa. Mamony ao anatin'izy ireo ilay Hazon'Aina satria ny fanantenan'izy ireo dia mifikitra ao amin'i Kristy Jesosy, ny vavolombelon'ny Fanahy Masina izay manambara miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana manaraka an'ireo mpino. "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Raha mandeha izy ireo, dia manasitrana ny marary, mandroaka devoly, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mahita fahitana. Izy ireo . . . Ary mandeha miaraka amin'Andriamanitra izy ireo, miresaka amin'Andriamanitra izy ireo. Tsy misy devoly afaka hanetsika azy ireo, mihazona mafy izy ireo, mijery ny . . . ? . . . Manadino an'ireo zavatra efa lasa, mandroso mankany amin'ny mariky ny fiantsoana avy any amin'ny avo ao amin'i Kristy Jesosy. Eo izy ireo izao. Eo izy ireo izao. Izany ilay Fiangonana.

134 Ahoana no nahatongavan'izy ireo teo? Tsy afaka hilaza ianareo hoe, "Eny, Tompo, Fantatrao, nanomboka nifoka sigara aho indray andro, ary lavo, avy eo dia nieritreritra aho fa izaho dia . . . " Oh, tsia, tsia, tsia, tsia.

135 Fifidianana mialoha! Izy no niantso antsika ka rehefa nanaraka Azy isika dia fony isika nanao hoe, "Andriamanitra, very izahay ary tsy mahefa. Tsy nanana fisainana iray akory aza izahay na dia ny hamonjy ny tenanay aza. Natioran-kisoa iray izahay, kisoa izahay teo am-panombohana."

136 Mandehana mankeo amin'ny tranon-kisoa iray dia jereo ny kisoavavy antitra iray, ary manaova hoe, "Ankehitriny, jereo eto, ry zavavy antitra, te-hiteny zavatra iray aminao aho. Ratsy ho anao ny misotro ranom-potaka."

137 Hilaza izy hoe, "Oink-oink." Hitanareo? Ankehitriny, izany fotsiny no hoe hatraiza no ahafahanareo mamonjy ny tenanareo. Marina tokoa izany.

138 Hoy ianareo hoe, "Ramatoa, tsy tokony hanao akanjo tahaka an'izao ianao, tokony hiakanjo tsotra ianao. Ianao tokony hanao an'*ity*. Ianao tsy tokony handeha any. . . Ianao tsy tokony hanao an'ireo lalao karatra ireo. Ianao tsy tokony hifoka sigara. Ianao tsy tokony hanao an'*ity*. Andriamatoa, ianao tsy tokony hitondra an'*io*."

139 Hoy izy hoe, "Oink-oink. Izaho mikambana amin'ilay *Oink-oink*." Ah-hah. "Oink," saiky izany ihany no fantatr'izy ireo. "Eny, havelako ho fantatrao fa tsara tahaka anao mihitsy aho. Oink-oink!" Hitanareo, lavin'izy ireo ny fitarihan'ny Fanahy Masina, satria ny Baiboly no nilaza fa raha tia an'izao tontolo izao ianareo na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra.

140 Inona no manao azy ireo ho hafahafa? Firenena masina iray ianareo. Inona no nataonareo? Nivoaka avy tao amin'io tany io. Ao amin'ilay Tany iray hafa ianareo. Ahoana no nidiranareo tao? Izany ilay Tany nampanantenaina. Karazana teny fikasana iray inona? "Izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra." Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'io Tany iray nampanantenaina io. Amena. Rahalahy sy anabavy, haleloia, miaraka amin'ny fahadiovan'ny fo, tsy misy fialonana, tsy misy fifandrafiana, na inona na inona! Tsy ahoako raha diso làlana ny rahalahy iray, tsy mampaninona izay ataony, handeha hitady azy ianareo.

141 Nandeha nitady rahalahy iray aho vao tsy ela akory izay, izay diso làlana. Nilaza tamiko ny lehilahy tanora iray, nanao hoe, "Avelao handeha io karilahy io. Avelao izy hipetraka tsara."

142 Hoy aho hoe, "Raha tonga eo amin'ny toerana iray izay tsy handehanan'ny foko miaraka amin'ny rahalahiko mihitsy aho, amin'izay fotoana izay dia izany no fotoana handehanako eo amin'ny alitara, satria lavo tamin'ny fahasoavana aho." Hoy aho hoe, "Handeha aho raha mbola manana fofon'aina foana izy ao amin'ny vatany, ary hahazo azy aho any ho any eny amin'ny làlana." Eny, tompoko. Ary azoko izy, haleloia, namerina azy. Eny, tompoko. Niverina ao am-bala voaaro izy ankehitriny. Eny, tompoko. Ho diso làlana izy azo antoka tahaka an'izao tontolo izao.

143 Vao teo rehefa nahita an'io vehivavy kely mahantra nipetraka teo io aho, ka niantso ahy ilay serifa, nanao hoe, "Nahoana, tokony ho ao anatin'ny palitao fitazonana adala izy." Hoy izy, "Midelira fotsiny izy, any ivelan'ny lohany izy." Izy—izy, napetrak'izy ireo tao anatin'ny hotely iray izy. Tonga izy ireo.

Hoy aho hoe, "Mety tsara izany."

144 Hoy izy, hoy serifa hoe, "Nahoana, Billy!" Tena fantatro tsara izy, ary efa fantatro hatramin'ny naha-zaza ahy izy. Hoy izy hoe, "Raha misy zavatra azoko hatao hanampiana anao."

Hoy aho hoe, "Mety tsara izany."

Hoy izy, "Afaka manampy azy ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Tsia, fa *Izy* dia afaka." Hoy aho hoe, "Iray minitra fotsiny."

145 Noho izany dia nentin'izy ireo teo izy. Ary rehefa niala izy vao teo, dia tao amin'ny fiadanana. Inona izany? Nandefa vavaka iray nitady azy isika. Amena! Izy dia tena . . .

146 Hoy izy ireo hoe, "Tianao ve ny hiantso dokotera?" Nilaza tamin'ny vadiny hoe, "Tianao ve ny hiantso dokotera?"

147 Hoy izy, "Tsy afaka hanao na inona na inona ho azy ny dokotera." Ary marina izany. Marary saina izy; tsy afaka hanao na inona na inona ho azy ny dokotera.

Hoy izy, "Ny fanantenantsika tokana dia ny mandeha *any*."

Dia hoy izy hoe, "Billy, tsy azoko izany."

Hoy aho hoe, "Tsy manantena anao hahazo aho, hitanao. Tsy manantena anao hahazo."

148 Fa, oh, oadray, na izaho koa aza tsy mahazo azy! Tsia. Fa, rahalahy, Andriamanitra any An-danitra . . . Very aho, tany indray mandeha, nisy Zavatra iray nitady ahy. Amena! Tsy hoe izaho no nila ho avy, fa, tsia, Zavatra iray no nitady ahy. Satria talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia Andriamanitra no nifidy mialoha, haleloia, mba ho Azy isika, ho an'ny Hajany sy voninahiny. Henoy! Ireo izay Fantany mialoha, dia Izy no naninona? Niantso. Marina ve izany? Izy ve no niantso anareo? Hia! Nahoana Izy no niantso anareo? Nahafantatra anareo mialoha Izy. Ireo izay Fantany mialoha, no Nantsoiny; ireo izay Nantsoiny, no Nohamarininy. Marina ve izany? Ary ireo izay Nohamarininy, no Nomeny voninahitra! Amena! Izany no nolazain'ny Baiboly. Ireo izay Fantany mialoha, no Nantsoiny. Ny taranaka tsirairay! Ireo izay Nantsoiny, no efa Nomeny voninahitra. Inona? Mamelà ahy hamaky ny Soratra eto. Eny àry.

> *Efa nifidy* azy ireo *mialoha amin'ny fananganan-janaka tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy ho an'ny tenany, araka* Ny *fankasitrahany* Manokana . . .
>
> *Ho an'ny* fiderana *an'*Ny *voninahiny* . . .

149 Oh, azonareo ve ilay izy? Ho an'ny dera an'ny Voninahiny! Mba Ahafahany hipetraka eo amin'ireo taona Mandrakizay izay tsy maintsy ho avy, ka hiantsoantso ireo Zanany hoe, "Aba, Ray! Aba, Ray!"

150 Ary hilaza ireo Anjely hoe, "Inona no resahan'izy ireo? Inona no resahan'izy ireo?"

151 Tena voaseho tsara tarehy ao amin'ilay zanaka adala. "Very aho." "Ity ny zanako. Very izy fa hita ankehitriny. Maty izy, fa velona indray. Ento ilay zanak'omby matavy, ny akanjo tsara indrindra, peratra iray ka ataovy eo amin'ny rantsan-tànany. Ary ndao isika . . ." Tsy mahagaga raha niaraka nihira ireo kintan'ny maraina, nihiakiaka fifaliana ireo zanak'Andriamanitra, rehefa hitan'izy ireo ilay drafitry ny famonjena, Andriamanitra izay nametraka ny anaranareo eo amin'ny Boky talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

152 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Calvin dia nino zavatra tahaka an'izany." Tsy mino an'i Calvin aho. Mpamono olona iray i Calvin. Nanao olona iray ho faty i Calvin satria nanao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy izy. Karilahy iray izy, nila niova fo, ny tenany. Eny, tompoko. Fa izay nolazainy, mikasika ny sasany amin'ireo zavatra nolazainy, dia marina. Aza . . . fa izay izy . . . Ny fihetsiny, lehilahy iray izay mamono lehilahy iray ho an'ny zavatra tahaka an'izany, dia mahatsiravina izany, fahotana izany. Eny àry.

*Izay* efa *nataony be* ho *antsika* . . .

153 Oh, andraso, izaho dia tsy niresaka an'ilay "fananganan'anaka," sa tsy izany? Tara loatra ve aho? Ndao jerentsika izay lazain'io famantaranandro eto ambony eto io, ora firy no ananantsika. Eny àry. Izao fotsiny—ndao isika haka folo minitra fotsiny nohon'ny amin'ireto olona izay avy lavitra be ireto. Jereo. Jereo.

154 "Fananganan'anaka," mamelà ahy haneho aminareo hoe nahoana izany no natao ankehitriny. Manana fanjakana goavana iray ny ray, mitaingina manerana izy. Ankehitriny dia manana zanakalahy iray nateraka izy. Oh, tena faly izy! (Andriamanitra izany.) Noho izany dia fantatrareo ve izay ataon'io ray io? Mahita an'ilay mpanabe tena tsara indrindra izy, mpitaiza. Fantatrareo hoe inona ny mpitaiza iray, sa tsy izany? Mpampianatra an-tsekoly iray izany. Mahita an'ilay mpampianatra an-tsekoly tena tsara indrindra izay mety hitany ao amin'ny firenena izy. (Ary noho izany dia handeha isika ankehitriny, henoy.) Ary mahita an'ilay mpampianatra an-tsekoly tsara indrindra izay mety hitany izy. Tsy maka vendrana anankiray mihitsy izy, mila ny zananilahy ho tena lehilahy iray izy.

155 Tsy tianareo ho tahaka an'izany ve ny zanakareo? Azo antoka, ny tsara indrindra izay azonareo omena azy ireo! Eny, tompoko. Noho izany raha ny lehilahy ara-boajanahary iray aza no nieritreritra an'izany, dia inona no heverinareo fa eritreretin'Andriamanitra ny amin'ireo Zanany? Ny tsara indrindra izay mety Hitany.

156 Noho izany, mila lehilahy iray izay hahitsy fo izy. Ankehitriny, izy tsy lehilahy . . . mila lehilahy iray hilaza hoe, "Ankehitriny, jereo, izaho—izaho . . . Junior, ataovy fotsiny

izay zavatra rehetra tianao, malala." "Oh, eny, ray, ah-hah, mety tsara foana izy, zazalahy iray mahafinaritra izy." Manao fikapokapohana kely ao amin'ny lamosiny dia mololo iray eo amin'ny satrony. Tsia, tsia. Ho voaroaka eo no ho eo io zalahy io. Azo antoka. Mila lehilahy iray izay ho mahatoky izy. Raha mety tsara izy, dia teneno aminy. Raha tsy mety tsara izy, dia teneno aminy izay tsy mety.

157 Ary raha ray eto an-tany iray no nieritreritra an'izany... Tsy hila lehilahy iray ho tso-po miaraka aminareo ve ianareo, ny mpampianatra an-tsekoly ho mahitsy fo mikasika ny zanakareo? Azo antoka. Eny, inona no heverinareo fa eritreretin'Andriamanitra? Ary Izy no mahafantatra; isika tsy mahafantatra, fa Izy mahafantatra. Isika dia manam-petra, tsy afaka miteny isika. Fa Izy dia tsi-manam-petra ary mahafantatra.

158 Noho izany, fantatrareo ve izay nataon'ilay Ray? Tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Haka papa iray Aho hiambina an'ireo Zanako." Tsy nilaza koa Izy hoe, "Izaho haka e—eveka iray." Tsia, tsia. Tsy nanao an'izany Izy, satria Fantany fa ho diso ilay papa, ho toy izany koa ilay eveka. Hitanareo? Tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Haka mpanara-maso ambony iray Aho hiambina an'ireo Fiangonako." Tsia, tsia.

159 Naka ny Fanahy Masina Izy. Izany No Mpitaizany, ah-hah, hitaiza an'ireo Zanany. Eny àry. Noho izany dia ahoana no hahafantaranareo fa fantatry ny Fanahy Masina izany? Miteny amin'ny alàlan'ireo molotr'olombelona Izy. Ahoana àry no ahafantaranareo fa miteny ny Fahamarinana Izy? Rehefa mahita ny Fanahy Masina miteny amin'ny alàlan'ireo molotra izay hiteny ny Fahamarinana marina tokoa ianareo isan'andro, milaza mialoha ary miseho tanteraka mihitsy, tahaka ny nolazain'i Samoela, amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa izany no Fahamarinana. Miseho mihitsy ilay izy. Satria hoy Andriamanitra hoe, "Raha miteny izy ka tsy miseho izay lazainy, dia aza mihaino azy, satria tsy momba azy Aho. Fa raha miseho izy, eny, amin'izay fotoana izay dia henoy izy, satria momba azy Aho." Hitanareo? Eo ianareo izao. Tahaka an'izany no Ataony.

160 Ankehitriny, noho izany dia mandeha manerana Izy. Ankehitriny, inona no heverinareo fa holazain'io Mpitaiza io raha tsy maintsy handeha hankeo amin'ilay Ray Izy? Ka hanao hoe, "Ireo—Ireo zanakao dia manao fihetsika ratsy. Teneniko Aminao, io Zanakalahinao io, izy, ham, jiolahimboto iray izy. Maditra iray izy, tsy mbola nahita ankizy iray tahaka an'izany mihitsy Aho! Oadray, Fantatrao ve izay ataony? Ary io Zanakavavinao io! Oh, fioo, tsy Fantatro izay Hataonao aminy. Hmm. Eny, Fantatrao moa? Izy dia toy ny hoe izy fotsiny...Miloko tarehy tanteraka tahaka ny sasany amin'ireo zazavavy any izy. Filistina. Eny, Tompoko, te-hihetsika tahaka ny ataon'izy ireo mihitsy izy."

"Ny Zanakavaviko ve?"

161 "Eny, ny Zanakavavinao." Izany no tsy maintsy holazain'ny Fanahy Masina mikasika ny fiangonana amin'izao andro izao. Tsy mahagaga raha tsy afaka manana fifohazana iray isika. Hitanareo? Ankehitriny, marina izany.

"Ahoana ny amin'ny Zanakalahinao? Hah? Mitovy ihany."

"Inona?"

162 "Eny, Fantatrao fa nilaza foana Ianao fa ireo ondry ireo dia tokony hiangona ao amin'io kianja ery ambony ery io eo amin'io Sakafon'ondry ery ambony ery io. Hia, Fantatrao ve izay nataony? Nentiny teo amin'io antontan'ahi-dratsy any io izy ireo. Nitondra azy ireo tany fotsiny ary nanjera azy rehetra tao amin'io helodrano io, ka namela azy ireo nipetraka tao anatin'io antontan'ahi-dratsy io, mihinana an'ireo hazo malahelo ratsy ireo, ary tena mampalahelo izy ireo ka zara raha afaka hivoaka avy ao." Izany ireo eveka, pasitera izay mandà ny Heriny. "Eny, Teneniko Aminao ny fahamarinana, tsy mbola nahita andian'ondry mikorontan-tsaina tahaka an'izany mihitsy Aho teo amin'ny Fiainako." Tsy Tiany izany. Tsia. "Ary Fantatrao moa? Ireo biby fiompy eto ireo, Fantatrao fa Ianao—Ianao dia niteny tamin'izy ireo mba hihinana eo amin'io—io alfalfa ery ambony ery io, Fantatrao, mba hampatavy azy ireo?"

"Hia."

"Fantatrao ve izay omeny azy ireo?"

"Tsia."

163 "Ireny tsilo ratsy ireny. Hia. Manao azy ireo hikambana amin'ireo fikambanana sy ny sisa izy. Tsy mbola nahita toy izany mihitsy Ianao teo amin'ny Fiainanao. Tsy mbola nahita tahaka an'izany mihitsy Ianao teo amin'ny Fiainanao rehetra. Fantatrao ve izay ataony? Mandeha mivoaka eo mifoka sigara goavana iray, mianjonanjona. Mitondra ny vadiny miaraka aminy izy, manao sorta tahaka ny ataon'ireo Filistina any mihitsy izy. Hia." Izany no karazana hafatra izay tsy maintsy entin'ny Fanahy Masina mikasika ny fiangonana amin'izao andro izao. Ankehitriny, inona no heverinareo mikasika an'izany?

164 Izany no fananganan'anaka. Inona Izy . . . no Nataony? Izy no nifidy mialoha antsika—antsika ho amin'ny fananganan'anaka. Nomeny antsika ny Fanahy Masina; saingy, andraso iray minitra, fananganan'anaka, izany no resahantsika. Fananganan'anaka!

165 "Eny, Fantatrao ve izay ataony? Nandalo ilay eveka indray andro, ka niteny. Nanao asam-panasitranana kely iray izy tany, ary nandalo ilay eveka. Zalahy iray, nandalo ny rahalahy iray ka nivavaka ho an'ny marary. Dia hoy izy hoe, 'Ajanòny io!'

"'Oh, oh, eny, mopera eveka, hataoko izany.'

"'Aza miara-miasa ianao.'

"'Oh, tsia, tsia, mopera eveka, azo antoka fa tsia.'

166 "Dia tonga teo Aho ka niteny taminy ny Fahamarinana avy tamin'Ny Teninao mihitsy. Hitanao, ity Izany. Namaky an'ireo Lalànao marina tokoa taminy Aho ny amin'izay hatao, fa tsy mihaino azy ireo izy. Hoy izy hoe, 'Oh, ho an'ny taona iray hafa izany, zanakalahy iray hafa tamin'ny fotoana hafa iray. Tsy ho ahy izany.'" Eo ianareo izao. Izany, ankehitriny izany no Fahamarinana, ry sakaiza. Ankehitriny dia tsy hitanareo ve hoe aiza no tsy ahazoan'ny fiangonana ny fametrahana azy, nahoana isika no tsy manana fifohazana, nahoana isika no tsy manana an'ireo zavatra miseho? Eo no misy an'ilay izy.

167 Hoy Josoa hoe, "Gada, tiako ianao mba . . . eto mihitsy no misy ny toeranao arak'ilay drafitra, eto no misy ny toeranao, eto mihitsy. Midira eto ianao, ry Gada, ary mijanòna eto. Benjamina, mandehana eto mihitsy ianao. Ary ankehitriny dia mijanòna ianareo rehetra lavitry ny sisin-tanin'ireo Filistina." Dia miverina i Josoa, indro izy rehetra fa any amin'ireo Filistina, manana fetibe goavana tranainy, mandihy fotsiny tahaka an'izany, ary ireo vehivavy rehetra miloko tarehy, sy mandihy manerana ary manana fotoana iray goavana. Dia mihaotra ny lohany i Josoa, ka manao hoe, "Inona ankehitriny?" Ankehitriny dia izany marina tokoa no miseho; tsy ny rehetra, misaotra an'Andriamanitra, tsy ny rehetra, saingy maro be. Eny àry.

168 Ankehitriny dia inona àry no miseho? Izany no nitranga. Tsy mieritreritra ve ianao fa io Lehilahy io, ny Fanahy Masina, dia miteramena eo anatrehan'ilay Ray rehefa tsy maintsy hilaza an'izany Izy? Oh, oadray! "Izaho—Izaho—niteny taminy Aho, fa izy—izy—tsy nihaino an'Izany izy. Noteneniko taminy izany, ary namela azy hamaky mihitsy tao amin'ilay Boky Aho tany. Izaho naniraka—naniraka mpitoriteny kely iray handalo Aho ary haneho taminy fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary Fantatrao moa? Navelany ny iray tamin'ireo—navelany ny iray tamin'ireo mpiandry osilahy antitra ho tonga eto ka hiteny aminy fa ho an'ny taona iray hafa izany. Hitanao? Ary tena namofona maimbo izy tamin'ny fotoana nahatongavany teo, niaraka tamin'ny fofon'osilahy, Fantatrao, ireo sigara, ary Fantatrao, sy ny sisa, namofona maimbo rehefa tonga teto izy. Hitanao? Fa Teneniko Aminao, nanana medaly betsaka nipaingotra teo aminy io mpiandry osilahy io, satria, Teneniko Aminao, raha hanoratra ny anarany eo amin'ny gazety Ianao, izany dia hila (ny feraparany) hila ny antsasaky ny ravin-taratasy iray hanaovana an'ireo titrany. Eny, Tompoko, azo antoka fa tian'izy ireo izy any amin'io firenena io, saingy, Teneniko Aminao, azo antoka fa tsy fantany hoe ahoana no hamahanana ondry. Izany no zavatra iray mikasika an'ilay izy. Tsy hihaino Ahy fotsiny izy," hoy ny Fanahy Masina. "Niezaka Aho niteny taminy fa Ianao no tsy miova omaly, anio, ary

mandrakizay, saingy izy—tsy hanao an'izany fotsiny izy. Izy no kanosa goavana indrindra izay hany Hitako teo amin'ny Fiainako. Hia. Ary nanao azy ho mpanara-maso iray ilay fiangonana, eveka iray, sy ny sisa, mihaino azy ny olona rehetra. Ary avy eo dia Fantatrao moa? Nentiny ireo. . . manana zavatra ratsy kely iray izy ireo any izay antsoin'izy ireo hoe 'televiziona.' Ahodinao tahaka an'izao ny zavatra ratsy kely iray, dia—dia tonga ireo vehivavy ireo ka manao hadalana, ny karazana fitafy tapaka rehetra. Ary, Fantatrao, maro amin'ireo Zanakavavinao no mam-. . . "

"Oh, azo antoka fa tsia!" Hitanareo?

169 Hoy Izy, "Eny, izany izy ireo. Eny, manao an'izany izy ireo. Ham. Ny sasany amin'izy ireo dia miantsoantso fifohazana, Ray, ny sasany amin'izy ireo dia mila an'izany marina tokoa. Ny sasany amin'izy ireo dia mandeha eo amin'ilay tsipika marina tokoa, ny sasany amin'izy ireo dia mijoro ho mahatoky mihitsy eo amin'io Teny io arak'izay vitany. Ireo sasany, tsy Fantatro izay hatao, izy ireo dia—izy ireo dia any ivelany any. Fantatrao ve hoe inona no ataon'ireo sasany ireo? Maneso azy ireo, manao hoe, 'Andian-korontana iray fotsiny izy ireo.'"

"Eny, izany no manao Ahy hahatsapa ho tena malahelo."

170 Fa ndao isika hanova an'ilay sary ankehitriny. Ankehitriny ilay Ray, zazalahy tsara iray ny Zanakalahiny. Ny Rainy hatrany—hatrany foana, indro ny Mpitaiza iray, ny Fanahy Masina. Na inona no làlan'ny Fanahy Masina, dia hoy Izy hoe, "Handeha Aho," hoy ilay Mpitaiza hoe, "Izaho dia . . . "

171 Hoy ilay ankizy hoe, "Handeha hiaraka Aminao mihitsy aho. Handeha hiaraka Aminao mihitsy aho."

"Oh, tena avo loatra ilay havoana, anaka."

172 "Handeha hiaraka Aminao mihitsy aho. Matoky Anao aho. Raha manomboka reraka aho, dia Izy no hanangana ny tànako ka hihazona ahy hanohy."

"Fa misy liona any amin'ilay havoana any!"

173 "Tsy mampaninona raha mbola manodidina eo foana Ianao, tsy manao fahasamihafana izany na kely aza. Handeha miaraka Aminao hatrany mihitsy aho."

"Misy olana any ambony any, vatolampy malama izany."

174 "Tsy ahoako, raha mbola mihazona ny tànako foana Ianao, handeha hiaraka Aminao mihitsy aho. Handeha hiaraka Aminao mihitsy aho."

"Oh, mba fantatrao moa? Ny Dadanao taloha dia nanao an'izany, hitanao. Tsara izany. Eny, tompoko."

175 Miakatra eo an-tampon'ilay havoana eo. "Oh," hoy Izy, "Fantatrao moa, Ray? Ny Zanakalahinao dia tena toetran-drainy napetaka mihitsy. Izy dia tanteraka tokoa, mitovy Aminao

marina tokoa. Ny Teny tsirairay izay Lazainao, dia manao ‘amena’ amin’Izany izy. Izaho—Nasaiko namadika tao amin’ny Baiboly izy indray andro, ary Izao no voalaza hoe, ‘Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.’ Fantatrao ve izay nolazainy? Nihiakiaka izy ary nanangana ny tànany teny amin’ny rivotra, ka nanao hoe, ‘Haleloia! Amena!’ Oh! Ary Fantatrao ve fa Izao no voalaza eto, ao—ao amin’Ny Teninao, Fantatrao, izay Nilazanao hoe, ‘Ireo asa, izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa’?”

176 “Hia, tsaroako Aho nanoratra an’Izany ho an’ny Zanakalahiko. Hia, tsaroako Aho nanoratra an’Izany.”

177 “Oh, rehefa hitany izany, dia nihiakiaka fotsiny izy ary nitsambikina ambony sy ambany, nihorakoraka hoe, ‘Haleloia, Tompo. Esory hiala amiko izao tontolo rehetra izao. Ataovy tahaka an’Izany aho!’ Eny, Tompoko. Ary ireo zavatra rehetra izay nataony ireo!”

178 “Oh,” hoy ilay Ray, “Izaho dia—tena faly Aho ny amin’io zanakalahy io. Zanakalahy iray mahafinaritra io. Eny àry. Nanara-maso azy nandritry ny taona vitsy, hahita hoe ahoana izy—hahita hoe ahoana no andehanany, ary ahoana no androsoany.” Afaka kelikely dia lasa ireo taona. “Manao ahoana izy izay?”

179 “Oh, oadray, mitombo amin’ny fahasoavana mihitsy aza izy! Oh, oadray! Izy fotsiny dia . . . Mirehitra mihitsy izy. Ho Teneniko Aminao, izy—izy marina tokoa dia . . . Nahoana, alainy ireo ondry ireo, afaka mikarakara azy ireo fotsiny—fotsiny tahaka ny Ataonao. Tsy hanome azy ireo an’ireny lomodranomasina ireny mihitsy izy. Tsy hanome azy ireo an’ireny tsilo ireny mihitsy izy. Rehefa tonga eo izy ireo, manao hoe ‘te-hikambana amin’ny fiangonana izahay’; dia hoy izy hoe, ‘Akombony ny vavanareo, tsy mila an’izany ianareo! Tsia, tompoko. Ity no ilainareo, “Mibebaha ka aoka hatao batisa, ny tsirairay avy aminareo, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, ho famelàna ny fahotanareo. Ianareo handray ny fanomezan’ny Fanahy Masina.”’ Eny, Tompoko, izany no nolazainy.”

“Oh, milaza an’izany marina tokoa ve izy?”

“Eny, Tompoko, azo antoka fa milaza izy.”

“Eny, tahaka an’izany mihitsy no Nanoratako Azy.”

“Tahaka an’izany mihitsy no ilazany Azy.

Ham! Eny, Tompoko.

180 “Hoy ny sasany tamin’izy ireo hoe, ‘Mitoera ianareo ao antanànan’i Jerosalema mandra-panafiana anareo ny hery avy any amin’ny Avo. Mandra-pahatongan’ny Fanahy Masina eo aminareo, ho vavolombelona ho Ahy ianareo any Jerosalema, Jodia ary Samaria, ary hatrany am-paran’izao tontolo izao.’ Rehefa namaky an’izany izy, dia nihorakoraka hoe, ‘Haleloia,

izany no ilainareo!' Fantatrao ve izay ataony? Tazoniny eo mihitsy izy ireo mandra-pahazoan'izy ireo an'Izany, izay ihany, mijanona miaraka amin'izy ireo.

181 "Ary raha manomboka mifamaly izy ireo, dia hoy izy hoe, 'Hoop, hoop, hoop, andraso iray minitra, andraso iray minitra. Ireo osilahy no mihetsika tahaka an'izany, fa tsy ny ondry. Hitanareo? Hitanareo?' Oh, matetika izy ireo dia lasa tezitra aminy, saingy somary mikapokapoka azy ireo kely fotsiny eo amin'ny lamosina izy, manao hoe, 'Andraso iray minitra, sh-sh, sh-sh, sh. Mety tsara izany.' Fantany marina tokoa hoe ahoana no hifehezana an'ireo ondry ireo. Eny, Tompoko, Teneniko Aminao.

182 "Mba Fantatrao moa? Nahita ny Arseveka *Ranona-sy-ranona* niteny taminy Aho fa izy 'dia tsy afaka ho tonga eto amin'ity tanàna ity ka hanao fivoriana iray.' Saingy, Fantatrao, nitarika azy kely Aho, hoy Aho hoe, 'Mandehana na ahoana na ahoana.' Hitanao? 'Sintony ireo horonam-peo ireo, ka aza avelanao hivoaka izy ireo.' Nandeha izahay na ahoana na ahoana! Nandeha nankany amin'ireo tanàna eto ireo izahay, nanao hoe, 'Eny, izahay tsy hanoh- . . . '

183 "Ary Fantatrao, nandeha tany ilay devoly, nanao hoe, 'Mifanamby Aminao aho fa afaka misakana azy tsy ho ao amin'io tanàna io aho.' Hoy Aho hoe, 'Tsy afaka manao an'izany ianao. Raha Izaho no miteny aminy handeha, dia handeha izy. Mifanamby aminao Aho fa handeha izy.' 'Tsia, tsia, tsia, tsia, tsia, izaho no hiteny aminy. Handeha any aho ka hanao hoe, "Ankehitriny, ry mpiasako rehetra, miangòna miaraka ianareo rehetra. Tsy mila ny iray amin'io fanatisma antitra eto io ianareo, io fanasitranana avy amin'Andriamanitra tranainy rehetra io ary io karazana Fanahy Masina tranainy io. Efa nitsahatra niaraka tamin'ireo apostoly taona maro lasa izany. Fantatrareo fa tsy misy tsara izany, eo."' Miezaka ny hanome azy ireo an'ireny tsilo ratsy ireny, ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Izy ireo . . .

184 "Fa, mba Fantatrao moa, nandeha tany avy hatrany izy na izany aza. Nandeha tany avy hatrany ary nanomboka nanaparitaka ny alfalfa, avy . . . Ary mba Fantatrao moa, nanomboka nihinana ireo ondry ireo, ary lasa matavy arak'izay maha-izy azy izy ireo. Eny, Tompoko. Raha mbola manao fanasitranana sy fivoriana izy ireo, Fantatrao, dia maro tamin'ireo biby tanora no manomboka. Nahoana, hitan'izy ireo fa manana andiam-bilona goavana iray tahaka an'io alfalfa io izy ireo. Fantatrao ve hoe nataon'izy ireo inona izany? Tena tsara ilay izy hany ka nihazakazaka nankany amin'ireo mpiara-monina izy ireo, nanao hoe, 'Andramo Ity! Andramo Ity! Andramo Ity!' Hitanareo, ilay hafanana teo no nanandrana fotsiny tahaka an'ity eto ity mihitsy. Indro eto mihitsy Izany. Eto mihitsy Izany, hitanareo. 'Mibebaha fotsiny, ny tsirairay avy aminareo, ka aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy, hitanareo, handray ny Fanahy Masina ianareo. Izany dia ho

an'izay maniry, aoka izy ho avy, aoka izy ho avy eto mba hahita an'izay nolazain'ny Baiboly.' Hitanao? Ary nanana fotoana iray lehibe mihitsy izy ireo tany."

185 "Oh, izany ny Zanakalahiko! Izany ny Zanakolahy. Eny, mihevitra ve Ianao fa matotra tsara izy?"

186 "Eny. Azo antoka fa izany," hoy ny Fanahy Masina. "Nomeko fitsapana izy. Ry tovolahy, nizaha toetra azy Aho tamin'*ity* làlana ity, nizaha toetra azy tamin'*itsy* làlana itsy. Nalavoko izy, narary, Nambaniako izy. Nitsahiko izy, Navelako ny devoly hanao aminy ny zavatra rehetra izay azony natao, niharina avy hatrany indray izy. Tonga ihany foana izy. Hitanao, niharina indray. Nataoko narary izy. Nataoko *ity*. Nalefako tany amin'ny hopitaly izy. Nentiko teto izy ary Nataoko *ity*, Nataoko *itsy*. Nahodiko hanohitra azy ny vadiny, Nahodiko hanohitra azy ireo mpiara-monina aminy, Nahodiko ny zavatra rehetra. Tsy nanao fahasamihafana izany na kely aza. Hoy izy, 'Na dia mamono ahy aza Izy, dia mbola hahatoky Azy foana aho.' Novonoiko ny fianakaviany. Nalaiko *ity*, Nataoko *ity*, Nataoko *ity* rehetra ity, Nataoko *ity*, *itsy*, *hafa*. Mbola nitsangana avy hatrany izy, 'Na dia mamono ahy aza Izy, dia mbola hanompo Azy foana aho! Ahy Izy!'"

187 "Oh! Eny, mino aho fa tokony hiantso avy any ho any Isika ho eo amin'ny toerana iray ary hanao fananganan'anaka iray."

188 Ankehitriny, rehefa ilay ray, ao amin'ny Testamenta Taloha, no nahazo fa tonga taona ny zanakalahiny, ary efa masaka tsara ho amin'ny fananganan'anaka. Amin'ny! Teraka ho ankizy iray izy ireo, saingy, rehefa zanaka iray izy ireo eo no ho eo. Fa amin'izay fotoana izay dia tsy ho hafa afa-tsy ankizy iray fotsiny izy ireo, zanaka tsotra iray fotsiny, mandra-pahatonga azy ireo ho lehibe sy haneho izay maha-izy azy ireo. Avy eo, dia antsoiny izy amin'io fotoana io.

189 Ankehitriny dia eo isika izao, ry fiangonana. Vonona ve ianareo? Ankehitriny dia tara kely izao, ny olona rehetra kaikero ny rantsan-tànanareo, tsongoy ny fanahinareo, ary volosy ny fonareo, mandritry ny iray minitra fotsiny. Hitanareo? Ankehitriny dia hametraka an'ilay fiangonana isika. Ankehitriny rehefa tonga eo amin'io toerana io ilay fiangonana, dia hoy Izy hoe, "Manase, anao ny eto. Efraima, ianao eto."

190 Avy eo dia entiny eo amin'ny toerana anankiray izy, ilay ray no mitondra, ary apetrany eo amin'ny toerana iray avo tahaka an'ity izy, ary manao lanonana iray izy, ka tonga eo izy rehetra. Dia hoy izy hoe, "Tiako ho fantatry ny rehetra fa ity no zanako, ary manangana ny zanakalahiko aho. Ary tiako ho fantatry ny tsirairay, manomboka izao, fa ny anarany . . . Mampiakanjo azy aho, amin'ny akanjo manokana iray eo aminy. Ary tiako ho fantatrareo fa ny anarany dia mety tsara eo amin'ny seky rehetra tahaka ny anarako. Zanako izy, manangana azy ao amin'ny

fianakaviako aho, na dia efa zanakalahiko aza izy hatramin'ny nahaterahany. Hatramin'ny nandraisany ny Fanahy Masina, dia efa Zanakalahiko izy. Fa ankehitriny dia hametraka azy aratoerana amin'ny fahefana Aho. Izay roahiny dia voaroaka, izay karamainy dia voakarama:

191 "Ary marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminao, raha milaza amin'io hazo io ianao, raha milaza amin'io tendrombohitra io ianao hoe, 'mifindrà,' ka tsy misalasala ao amponao, fa mino fa izay nolazainao dia hiseho, dia afaka mahazo izay nolazainao ianao." Hitanareo? Eo ianareo izao; eo ianareo izao. Hitanareo? "Izy no Zanakalahiko." Firy no mahafantatra fa ny fananganan'anaka, fa ny . . . nanangana an'ilay zanaka izy ireo rehefa avy nanaporofo izy fa ho . . . Ny olona rehetra izay hany namaky ny Baiboly, fametrahana zanakalahy.

192 Ankehitriny, nanao an'ilay zavatra iray ihany tamin'Ny Zanakalahiny Andriamanitra rehefa nitondra an'i Jesosy teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy Izy. Nitondra an'i Petera Izy, Jakoba ary Jaona tany ambony tany, ireo vavolombelona telo teto an-tany izany. Teo i Jesosy, Mosesy sy Elia, ary Andriamanitra, teo ambonin'ny tendrombohitra. Nitsangana teo ambonin'ny tendrombohitra izy ireo tany. Ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nijery izy ireo, ary nomemboninahitra teo anatrehan'izy ireo Jesosy. Marina ve izany? Firy no mahafantatra fa izany no Soratra? Inona no Nataony? Izy—nampiakanjo Azy tao amin'ny akanjon'ny tsy mety maty Izy. Ary hoy izy hoe, "Ny fitafiany dia namiratra tahaka ny masoandro." Marina ve izany? Ary rahona iray no nanarona azy ireo. Ary Petera sy Jaona ary izy ireo, dia lavo tamin'ny tavany. Ary nijery izy ireo, ka nitsangana teo i Mosesy sy Elia, niresaka Taminy. Ary Mosesy dia efa maty, ary nalevina tao amin'ny fasana tsy nisy marika iray nandritry ny valonjato taona. Ary Elia dia nitondra kalesy iray nandeha nankany An-danitra, dimanjato taona talohan'io. Fioo! Saingy mbola teo foana izy ireo! Teo izy ireo niresaka Taminy. Hitanareo, nitondra an'i Jesosy teo ambony teo Izy mba hahita azy ireo, mba hahita hoe inona daholo ny amin'izany, hahita teo, haneho Aminy an'ireo zavatra ireo. Ary niresaka Taminy izy ireo, nanana firesahana Taminy.

193 Avy eo vantany vao niverina nijery indray i Petera ka niala tamin'i Jesosy ilay fanomezam-boninahitra, dia Jesosy irery no hitan'izy ireo, ary Feo iray no tonga avy tao amin'io rahona io, ka nanao hoe, "Ity ny Zanako Malalako, Izy no henoy! Ny Anarany dia mety tsara tahaka ny Ahy ankehitriny. Izy no henoy!" Izay ilay izy, voatsangana, na zanaka voapetraka.

194 Ankehitriny, eo no ezahan'Andriamanitra hitondrana ny fiangonana Pentekotista ao amin'ny Bokin'ny Efesiana. Hitanareo? Azonareo, azonareo ve? Tsy maintsy hamarana isika satria efa tara loatra izao, hitanareo, te-hatory ireo ankizy kely. Ary tiako ny ho tonga eto amin'ity andininy eto ity mihitsy,

saingy tsy afaka manao an'izany aho, hatramin'ny—ny andininy faha-13, hitanareo, ilay ampahany farany, "voaisin'ny Fanahy Masina tombokase amin'ny teny fikasana." Halaintsika izany amin'ny Alahady, hitanareo. Jereo. Ankehitriny, ahoana, inona no mampiditra antsika, ary ahoana no nitehirizan'Ity antsika.

195 Fa ankehitriny ny "mametraka," ahoana ianareo? Nateraka tao amin'ny Fanjakana aloha ianareo tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Firy no mahafantatra an'izany? Eny àry. Ny manaraka, dia voafidy mialoha ho amin'ilay inona ianareo? Fananganan'anaka. Inona izany? Voafidy mialoha ho amin'ilay fametrahana ianareo.

196 Oh, Ranabavy Scott, mino aho fa izany ilay izy, mipetraka eto. Tsy ianao ve ilay anankiray izay tany an-trano androany? Mandeha manerana any ho any ao amin'izao tontolo izao ny fampianarana iray, manerana an'ireo ampahany samihafa an'ny firenena, nandre an'izany aho, betsaka, fa eto an-tany eto Jesosy, mandeha manerana ao anatin'ny vatana iray, tonga Izy ary manao an'*ity*. Lainga izany! Ny Fanahiny Masina no eto, ary miezaka mametraka Ny Fiangonany Izy, mba hametraka Ny Fiangonany ao amin'ny lamina, mametraka azy ao amin'ilay Tany nampanantenaina, mba ahafahan'izy ireo miditra . . . mba ahafahan'ireo fahavalo rehetra ho voaroaka.

197 Tsy afaka maka ny taniny i Manase. Tsy afaka manao asam-panasitranana iray aho nefa ny antsasaky ny . . . nefa ny . . . Mandeha any aho ary mitory ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ka ireo—ka hoy ireo rahalahy triniterana hoe, "Oh, Jesosy Irery fahiny izy." Ary tsy afaka mandeha eto aho ka hanao fanasitranana avy amin'Andriamanitra nefa ny antsasak'izy ireo dia manao hoe, "Mety tsara ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra," ary maro amin'izy ireo no mankasitraka an'ireo fahagagana avy amin'ny Tompo ka manao hoe, "Eny, mino aho fa Rahalahy Branham dia mpaminany iray, saingy avelao aho hiteny zavatra iray aminareo. Raha mbola eo aminy foana ny Fanahy, ka mamantatra izy, dia izy no mpanompon'ny Tompo. Fa lò ny Fampianarany, tsy tsara Izany." Iza no efa mba nandre rediredy tahaka an'izany? Na ilay izy avy amin'Andriamanitra na ilay izy tsy avy amin'Andriamanitra. Marina izany. Na ilay izy Andriamanitra manontolo na tsy Andriamanitra mihitsy. Tahaka an'izany ilay izy. Fa ahoana no hananareo? Tsy te-hijanona eo amin'ny taniny i Manase, tsy te-hijanona eo amin'ny taniny i Efraima, tsy te-hijanona eo amin'ny taniny i Gada, tsy te-hijanona eo amin'ny taniny i Benjamina, izy rehetra mihazakazaka eto miaraka amin'ireo Filistina, ary mifangaro tanteraka. Ahoana no hahatafapetraka antsika? Saingy efa nateraky ny Fanahy Masina isika, isika rehetra. Marina ve izany? Nateraka ho amin'ny inona isika? Voafidy mialoha . . . Avy eo rehefa avy nateraka, dia voafidy mialoha

ho amin'ny fananganan'anaka isika, mba hapetraka ao amin'ny Vatan'i Kristy. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

198 Inona ny Vatan'i Kristy? Ny sasany dia apostoly, ny sasany dia mpaminany, ny sasany dia mpampianatra, ny sasany dia evanjelista, ary ny sasany dia pasitera. Marina ve izany? Ho amin'izany no niantsoana antsika. Ny sasany manana fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra, mandika fiteny tsy fantatra, fahendrena, fahalalana, fahagagana, manao fahagagana, ireo fanomezam-pahasoavana samihafa rehetra ireo. Ary ankehitriny dia inona no nataon'izy ireo? Nampihatra kely fotsiny an'izany izy ireo. Inona? Namela an'izany handeha fotsiny tahaka ny tsy fantatro hoe inona. Mitsangana ny anankiray, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary mandroso ilay anankiray hafa, miresaka, “Blrr, blrr, blrr, blrr, blii” Ah-hah. Hitory ny mpitory teny, manao antso eny amin'ny alitara, ary mitsangana ny olona iray, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ka “Haleloia, voninahitra ho an'Andriamanitra.” Raha ilay— raha sendra manohy miaraka amin'ny hafany ilay mpitory teny, satria voahosotra, amin'izay fotoana izay dia hoy ny olona hoe, “mpiverin-dàlana antitra.” Hitanareo, izany dia satria tsy nampianarina izy ireo.

199 Ny Baiboly no nilaza fa ny fanahin'ireo mpaminany dia manaiky ny mpaminany. Tsy mpanao fifanjevoana Andriamanitra. Rehefa mitsangana eto aho, na mpitoriteny iray eto eo ambanin'ny hosotr'Andriamanitra. Tsy mampaninona na impiry ianareo no te-hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, hazòny ny filaminanareo mandra-pahavitan'Andriamanitra eto. Avy eo raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, dia tsy mety ho famerenena iray an'ny Soratra fotsiny izany, satria Andriamanitra no nilaza hoe aza mampiasa famerenam-poana. Fa ilay izy dia hafatra iray mivantana amin'ny olona iray. Anontanio ahy ny fotoana anankiray, tondroy amin'ny rantsan-tànanareo ny fotoana anankiray izay nisy ny Fanahy Masina hany, teo ambanin'ny famantarana, niteny tamin'ny olona iray, namerina Soratra iray hatrany sy hatrany. Izany dia niteny tamin'izy ireo ny zavatra izay tsy nety tamin'izy ireo sy ny zavatra izay nataon'izy ireo, ary zavatra izay tsy maintsy hataon'izy ireo na zavatra tsy maintsy nitranga, na zavatra tahaka an'izany. Marina ve izany?

200 Toy izany koa ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny fandikana! Raha misy anankiray ao amin'ny fiangonana izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary iray hafa mandika an'izany, dia avelao izy hilaza an'izao. Avelao hitsangana Rahalahy Neville ary hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary ity rahalahy eto ity manome ny fandikana, manao hoe, “Teneno ity lehilahy eto ity fa nivoaka teo izy omaly ary nanao zavatra izay tsy tokony nataony. Ankehitriny dia niteny taminy ny dokotera

androany fa tratry ny homamiadana izy. Mandehana ahitsio io zavatra io, miverena eo ary aoka hahitsy amin'Andriamanitra."

Hoy ilay lehilahy, "Marina tokoa, izany no fahamarinana." Amin'izay fotoana izay dia momba anareo Andriamanitra.

201 Fa ahoana no hanaovantsika an'ilay izy tahaka an'izao? Hitanareo? Ilay izy fotsiny dia, "Blmp, blrr, blrr, blrr." Kisendrasendra fotsiny, amin'ny fomba rehetra, tsy misy fametrahana mihitsy. Ankehitriny izany dia . . . Hitanareo, Efesiana, dia miezaka . . . Hitanareo, diso an'izany izy ireo. Hitanareo ve hoe ahoana no nahadiso azy ireo an'izany? Voafidy mialoha ho amin'ny fananganana an'ireo zanaka isika! Firy ankehitriny no mahazo an'izay tiako lazaina, atsangano ny tànanareo. Fananganan'anaka! Nateraka tao amin'ny Fanahin'Andriamanitra isika, azo antoka, mandray ny Fanahy Masina, ka miantsoantso hoe, "Aba, Ray! Haleloia! Voninahitra ho an'Andriamanitra!" Isika dia, marina izany, isika dia zanaka, saingy tsy afaka ho tonga na aiza na aiza isika. Tsy afaka mikaravasy ny Filistina isika.

202 Jereo i Billy Graham nitsangana tany. Ary ilay Mohametana izay nanao hoe, "Porofoy Izany."

203 Jereo i Jack Coe nitsangana tany. Ary ilay ateista, ilay fiangonan'i Kristy nifandray tànana tamin'ilay ateista tany, ary nandray tànana. Natao ho Kristiana iray, nefa mifandray tànana amin'ny devoly iray tahaka an'i Joe Lewis, sy mpisaina malalaka iray, ary nanozona an'Andriamanitra mihitsy aza ka nanao hoe "tsy misy izany Andriamanitra iray izany, na ahoana na ahoana, eo am-panombohana," sy ireo zavatra tahaka an'izany. Ary fiangonana iray izay miantso ny tenany ho fiangonan'i Kristy, mifandray tànana aminy, ary miandany hanohitra an-dRahalahy Jack Coe. Ahoana no hanaovantsika zavatra iray? Ary ireo Pentekotista, maro amin'izy ireo, no manohitra azy; nefa, ny mpitory teny rehetra ao amin'ny firenentsika dia tokony nanohana azy tamin-kery, ka nanao hoe, "Andriamanitra, ampidino Ny Herinao." Hitanareo, eo isika izao, izay tsy ahafahan'izany ho tafapetraka.

204 Tsy te-hijanona i Efraima. Ny iray amin'izy ireo mandeha eto, hitantsika i Manase lasa eto, manao hoe, "Oh, oadray, nanome ahy tanin-katsaka tsara iray ny Tompo!" Avy eo indro tonga eto, i Gada, nanao hoe, "Eny, ankehitriny, andraso iray minitra. Natao hamboly varim-bazaha aho, saingy handeha hamboly katsaka koa aho. Haleloia!" Hitanareo? Tsy misy idiranao amin'ny katsaka; amboleo ny varim-bazaha, varim-bazaha no anjaranao hambolena. Tsy natao hiandry ondry ianao rehefa natao hiandry biby fiompy. Te-hametraka an'ilay fiangonana Andriamanitra. Saingy ny tsirairay avy dia te-hanao an'ilay zavatra iray ihany. "Haleloia!" Ary tsy afaka miteny zavatra iray mikasika an'izany amin'izy ireo ianareo. Tsia, tsia. Mbola manana an'io natioran'osilahy io foana izy ireo, "Batt,

batt, batt, batt, batt, batt, batt." Hitanareo, tsy afaka miteny azy ireo ianareo. Marina izany. Ankehitriny, tsy marina ve izany? Ary tsy afaka mametraka an'ilay fiangonana ianareo. Hitanareo?

205 Ny fiangonana dia natao ho voafidy mialoha ho an'ny fananganan-janaka, izay misy lehilahy iray. . . Andriamanitra dia afaka maka lehilahy iray ka manangana azy ao amin'ny fianakaviana, ary manome azy zavatra iray. Izany, voalohany, zahao toetra izany ary jereo raha marina. Ny Baiboly dia nilaza hoe zahao toetra ny fanahy. Mihambo ho zavatra anankiray io lehilahy io, zahao toetra izany ary jereo raha marina ilay izy. Raha marina ilay izy, dia mandrosoa avy hatrany miaraka amin'izany. Avy eo dia manaova hoe, "Tompo, andefaso zavatra hafa izahay." Manohiza mandroso, hitanareo, manohiza mandroso fotsiny mandra-pahazoan'ny olona tsirairay ny toerany. Amin'izay fotoana izay dia hahita ny fiangonan'Andriamanitra manomboka mandray ny toerany ianareo. Amin'izay fotoana izay no handeha hihemotra ireo Filistina. Niala ireo sorta, haniry ireo volo, ho voasasa ireo tarehy; hanjavona ireo sigara. Marina izany. Rehefa manomboka miditra ao amin'ny Heriny lehibe ny fiangonana, rehefa manana Ananiasy iray sy Safira isika, ary vitsy amin'izy ireo. Eny, tompoko. Hahita ianareo rehefa miaraka mitsangana ao amin'Ny Heriny io Fiangonana masina io, voapetraka ara-toerana amin'ny maha-zanak'Andriamanitra, voatsangana tao amin'ny fianakavian'Andriamanitra, Fiangonana mahery mitsangana any ao amin'ny voninahiny. Oh, ho an'izany no Hahatongavany.

206 Hitanareo ve hoe lavitra toy ny ahoana isika, ry rahalahy? Tsy afaka mifanaraka akory eo amin'ny Soratra aza ianareo. Ary ny olona rehetra, ny olona rehetra izay tsy afaka mahita ny batisan'ny rano ao amin'ny Baiboly, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia na izy jamba na misy zavatra ara-tsaina tsy mety. Marina izany. Ary eo no misy an'ilay ady goavana.

207 Izaho dia—hiteny amin'ny olona rehetra aho mba hitondra amiko Soratra iray izay nisy olona hany natao batisa tamin'ny anarana hafa iray ankoatry ny Anaran'i Jesosy Kristy, tao amin'ilay fiangonana vaovao. Na, raha natao batisa tamin'ny fomba hafa iray izy, dia tsy maintsy naverina natao batisa indray tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hahazo ny Fanahy Masina. Avia asehoy ahy. Tsy misy ny tahaka an'izany. Tsy misy ny fanirahana iray tahaka an'izany. Rehefa nilaza Jesosy tany hoe, "Mandehana ianareo noho izany, ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina." Ray, Zanaka, na ny Fanahy Masina, na ny anankiray aza dia tsy anarana, tsy ny iray amin'izy ireo. Nitodika i Petera, folo andro taty aoriana mihitsy, nanao hoe, "Mibebaha, ary aoka hatao batisa, ny tsirairay avy aminareo,

amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho famelàna ny fahotanareo." Ary hatraiza hatraiza ao amin'ny Baiboly.

208 Ary avy eo dia nisy sasany teo izay natao batisa tany, tamin'ny fomba hafa iray, tamin'ny alàlan'i Jaona, ho amin'ny fibebahana fotsiny. Hoy i Paoly hoe, "Tsy maintsy haverina hatao batisa indray ianareo. Tsy maintsy miverina indray ianareo."

209 "Oh, nefa izahay efa nataon'ny lehilahy masina malaza iray batisa, Jaona. Izy no nanao batisa an'i Jesosy."

210 "Eny àry, ity ny Filazantsara. Ity ny Fanahin'Andriamanitra izay efa voambara tamiko. Izaho dia apostoly iray an'ny Tompo, ary raha misy anjely iray avy any An-danitra tonga ka mitory zavatra hafa . . ."

211 Mamelà ahy hamaky an'izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Raha ny anj- . . ." Hoy i Paoly hoe, "Raha misy anjely iray avy any An-danitra nilaza zavatra hafa," eveka, arseveka, papa, mpanara-maso, na mety ho inona izy, "raha mitory zavatra hafa ankoatr'Ity izay efa notoriako taminareo ity, dia aoka izy ho voaozona." Tsy misy . . . Tsy manana karazana fomba fanao tahaka an'izany isika. Tsia, tompoko. Ianareo fotsiny . . . Tsy misy mihitsy ny zavatra tahaka an'izany. Ianareo, isika . . . Ary noho izany—noho izany, hitanareo, nahoana kay ny olona no tsy afaka mahita an'izany? Nahoana kay ny olona no tsy—no tsy, no tsy hino an'izany? [Hoy ny olona iray ao amin'ny fiangonana hoe, "Voafidy mialoha"—Mpand.] Hitanareo? Misy olona nandona azy tsara mihitsy teo, Gene. "Voafidy mialoha," marina tokoa. Nahoana? "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no" (inona?) "hanatona Ahy." Tena marina tokoa! "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona, hanatona Ahy." Inona ny olana amiko, miezaka mitady aho eto? Eo isika izao. Eny àry.

212 Mamelà ahy hamaky fotsiny an'ity andininy ity ary avy eo dia hoteneniko aminareo hoe inona i Paoly, ireo zavatra izay . . . Ilay tena Hafatra izay notoriako izao hariva izao mihitsy, ity no nolazain'i Paoly ny amin'ny fifidianana mialoha, ny amin'ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy, ny batisan'ny Fanahy Masina, ny fametrahana ao amin'ny fiangonana, sy ny sisa. Ity no nolazainy.

> *Gaga aho* (miteny an'ireo Galatiana) *fa* ianareo *dia tena* mifindra *faingana miala amin'izay efa niantso anareo* amin'ny . . . *fahasoavan'i Kristy* . . .
>
> Tena menatra ny aminareo aho, amin'ny teny hafa, fa mamela olona iray hiditra ianareo ka nampivily anareo niala tamin'Ity, *ho amin'ny filazantsara hafa:*
>
> *Izay tsy iray hafa akory; fa misy ny sasany izay manakorontana anareo, ka te-*hamadika *ny filazantsaran'i Kristy,* hamadika *an'ilay* tena *Filazantsaran'i Kristy.*

213 Fa diniho. Ankehitriny, tsarovy, Paoly no nanery ny olona tsirairay izay tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba ho tonga haverina hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Firy no mahafantatra fa marina izany? Firy no mahafantatra fa i Paoly no nilaza fa ireo tsiambaratelo ireo dia nafenina hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary voambara taminy, fa isika dia efa voafidy mialoha mba ho zanaka, ary, amin'ny fananganan'anaka. I Paoly izany. Jereo eto izay nolazainy.

> *Fa na izahay, na anjely iray avy any an-danitra, no mitory filazantsara hafa aminareo noho izay efa notorianay taminareo, dia aoka izy ho voaozona.*

214 Aza milaza fotsiny hoe, "Tsy mifanaraka aminao aho, andriamatoa." Aoka mihitsy izy ho voaozona. Mamelà ahy hamaky an'ilay andininy manaraka.

> *Araka ny nolazainay fahiny, dia toy izany koa no lazaiko indray ankehitriny, Raha misy olona mitory filazantsara hafa aminareo noho izay* efa *noraisi*nay*, dia aoka izy ho voaozona.*

215 Marina izany. Ankehitriny, rahalahy, ranabavy, raha Andriamanitra izany indray andro, ary izaho—milaza an'izany aho eo am-panantenana fa tsy hoe tsy manaja, izany no nitondra ahy mba hahita an'ity kely . . . Ankehitriny, lasa taitaitra aho; tsy mihevitra aho fa lasa taitaitra, lasa voatahy fotsiny aho eo ampitoriana. Tsy tompon'ny tenako aho ka mihazona anareo eto hany ka fantatro fa te-hatory sy reraka ianareo. Fa, oh, izaho . . . Raha ianareo—raha afaka hahafantatra fotsiny mantsy ianareo hoe toy ny ahoana no itiavako anareo ho any! Hitanareo? Ary rehefa izaho, milaza an'ity indray mandeha indray aho, rehefa izaho . . . rehefa nilaza Izy . . . Hoy aho hoe, "Izany dia hanao . . . "

Hoy Izy hoe, "Tianao ve ny hahita hoe inona ilay farany?"

216 Dia nitodika aho ka nahita ny tenako nandry teo amin'ny fandriana teo. Azo antoka tokoa fa efa ela be no nahafantaranareo ahy mba hahafantatra fa—fa—fa miteny aminareo ny Fahamarinana aho. Te-hanontany zavatra aminareo aho, tahaka ny nolazain'i Samoela talohan'ny nanosoran'izy ireo an'i Saoly, efa mba niteny zavatra taminareo tamin'ny Anaran'ny Tompo ve aho ka tsy marina? Marina ve izany? Efa marina foana izany. Efa mba nangataka vola taminareo ve aho na zavatra tahaka an'izany? Tsia, hitanareo, tsy mbola nangataka mihitsy aho. Efa mba nanao zavatra iray ve aho afatsy ny niezaka ny tsara indrindrako mba hitarika anareo eo amin'i Kristy? Marina tokoa.

217 Ankehitriny izy ireo dia te-hilaza fa mpanao fifandraisana ara-tsaina iray aho, fantatrareo, mpahita iray amin'ny fanamboloana ambony. Mazava ho azy, tsy maintsy miseho ireo zavatra ireo, ny Baiboly no nilaza fa hiseho izy ireo. Tahaka

ny nanoheran'i Jambra sy Jana an'i Mosesy, dia tena saiky nanao an'ilay zavatra iray ihany izay nataon'i Mosesy izy ireo, mandrapahatongan'ilay izy teo amin'ny fampisehoan-kery iray. Marina izany. Fa tsarovy, tsy afaka nanasitrana i Jambra sy Jana. Tsy afaka nanasitrana izy ireo. Afaka nitondra an'ireo loza izy ireo, saingy tsy nanaisotra azy ireo. Hitanareo? Eny àry. Ankehitriny, Andriamanitra no Mpanasitrana. Mijanona ho Fahamarinana ny Tenin'Andriamanitra.

218 Efa niezaka ny ho mahitsy fo taminareo aho. Efa niezaka ny hiteny taminareo ny Fahamarinana aho. Izaho efa—izaho efa . . . nandritry ny teo amin'ny iraika amby telopolo taona teo, no nijoroako teto amin'ity polipitra ity, matetitetika, nandritry ny iraika amby telopolo taona, ary indray andro any dia mety hiala amin'ity polipitra ity handeha ho any amin'ny Voninahitra. Efa nisy vady iray, zanakavavy iray, ray, rahalahy, ny rehetra dia nalevina any am-pita any mihitsy, ireo sakaiza sarobidy. Efa nijery ny vatam-patin'izy ireo aho ary ireo voninkazo mipetraka eto. Ary fantatro fa indray andro any ny ahy dia ho eo, ihany koa. Ankehitriny, marina izany. Fa am-pahatsoram-po, avy amin'ny foko rehetra, miteny aminareo amin'ny foko rehetra aho, mino aho fa nitory taminareo ny Filazantsara marina an'i Jesosy Kristy Tompo. Mino aho fa ianareo dia tokony hatao batisa, ny tsirairay avy aminareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ary mandray ny batisan'ny Fanahy Masina. Ary na oviana na oviana no anaovanareo, dia hitondra fifaliana ho anareo izany, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy, faharetana, finoana.

219 Ary indray andro, izay nitranga tamiko tamin'io maraina io, dia tsy fantatro. Tsy mbola afaka milaza aho na teto aho tao amin'ny vatako na nahita fahitana iray fotsiny, na nesorina niala teto aho, nankany. Tsy fantatro, tsy afaka milaza aho. Ny zavatra tokana fantatro, hoe izaho—izaho dia natahotra foana ny ho faty, io toeran'ny fanindronana kely io. Fa tsy natahotra hoe tsy ho avy haka ahy Jesosy, ankehitriny, tsy natahotra an'izany aho, satria izaho—tsy natahotra an'izany aho; fa hoe raha hihaona aminareo aho ka ho zavona kely iray fotsiny manidina manerana ny habakabaka. Fa hitako ankehitriny. Rehefa nahita an'ireo olona ireo aho, dia tena nisy izy ireo. Ary izy ireo dia olona izay nikambana tamiko teto an-tany fahiny, na dia ny vadiko voalohany aza. Tsy vadiko izy, anabaviko izy. Tsy niantso ahy mihitsy izy hoe vadiny, niantso ahy ho anadahy malalany izy. Tsy nisy fananahana tany, tsy nisy an'io karazana fahatsapana io, tsy nety nisy izany; izany dia tanteraka, izany dia hamamiana, izany dia fahatanterahana.

Manontany aho, tsy fantatro, manontany aho hoe: Izany ve no hitany, talohan'ny nandaozany ny tany, rehefa tany amin'ny hopitaly tany izy, rehefa niantso azy aho? Ary hoy izy hoe, "Billy, efa nitory an'izany ianao, efa niresaka ny amin'izany ianao,

saingy," hoy izy, "tsy fantatrao hoe inona ilay izy." Hoy izy hoe, "Tsy manam-paniriana ny hijanona intsony aho.

220 Manontany aho raha izany ilay izy, tamin'ilay lehilahy masina, antitra tena masina F. F. Bosworth, izay nitsangana teto amin'ity polipitra ity, izay nitory teny niaraka tamiko nanerana an'ireo ampahany samihafa an'izao tontolo izao. F. F. Bosworth antitra, ianareo rehetra, saiky, dia nahafantatra azy; lehilahy masina, antitra tena masina. Adiny roa nialoha, eny, teo amin'ny herinandro iray na roa talohan'ny nahalasanany, dia nandeha nankany aminy aho ary teo izy nandry tany, lavitra, saiky sivifolo taona. Nivoaka ireo sandry keliny antitra, ny loha sola keliny ary ilay volombava fotsy teo amin'ny tarehiny. Nofihiniko teo an-tsandriko io lehilahy antitra io ka niantsoantso aho hoe, "Ry ikakiko, ry ikakiko, ireo kalesin'ny Isiraely sy ireo mpitaingin-tsoavaliny."

Satria raha mba nisy lehilahy iray izay hany naneho ny Pentekosta sy apostoly marina iray, dia F. F. Bosworth izany, tena Filazantsara, madio, mahitsy, hitanareo, Bosworth izany. Ary rehefa nihazona azy teo an-tsandriko aho, dia niantsoantso aho hoe, "Ry ikakiko, ry ikakiko, ireo kalesin'ny Isiraely sy ireo mpitaingin-tsoavaliny."

221 Hoy izy hoe, "Anaka, mijanòna eny amin'ny saha." Hoy izy, "Reseo ny sasany amin'ireo lehilahy tanora eny amin'ny saha hafa ireo, raha vitanao, alohan'ny hampidiran'izy ireo fanatisma betsaka any. Ento amin'izy ireo io tena Filazantsara izay ananaNao io, anaka." Hoy izy hoe, "Tsy mbola nanomboka akory amin'izay haha-izy azy ny asam-panompoanao." Hoy izy, "Ianao dia Branham vaovao be." Hoy izy, "Tanora ianao, anaka."

Hoy aho hoe, "Rahalahy Bosworth, valo amby efapolo taona aho."

222 Hoy izy hoe, "Tsy mbola nanomboka akory ianao." Hoy izy hoe, "Aza mamela an'ireo mpitory teny Pentekotista tanora ireo ho tonga eo miaraka amin'ny fahadalana betsaka, ka manapoizina an'ilay zavatra, ary manao an'ireo rehetra—ireo diplomaty sy ny firenena rehetra hanohitra an'Izany alohan'ny ahatongavanao any." Hoy izy, "Mandrosoa, Rahalahy Branham, manohiza miaraka amin'ny Filazantsara izay ananananao." Hoy izy hoe, "Izaho—mino aho fa apostoly iray ianao, na mpaminany iray an'ny Tompo Andriamanitsika."

223 Nijery azy aho, namihina azy teo amin'ny sandriko. Hoy aho hoe, "Rahalahy Bosworth, te-hametraka fanontaniana iray aminao aho. Inona no fotoana sambatra indrindra tamin'ny . . . fotoan'ny . . . tamin'ireo taona rehetra izay nitorianao teny?"

Hoy izy hoe, "Izao ankehitriny izao, Rahalahy Branham."

Hoy aho hoe, "Fantatrao ve fa eo am-pahafatesana ianao?"

Hoy izy hoe, "Tsy afaka ny ho faty aho."

Hoy aho hoe, "Inona. . . Nahoana ianao no nilaza fa izao no fotoanao sambatra indrindra?"

224 Nisy varavarana kely iray teo. Hoy izy hoe, "Mandry eto aho miaraka amin'ny tarehiko mitodika mankany amin'io varavarana io. Saiky amin'ny minitra rehetra, ilay Anankiray izay tiako, sy Anankiray izay notoriako ary notohanako, ireo rehetra. . . ny fiainako, ho tonga eo amin'io varavarana io Izy ho ahy, ary handeha hiaraka Aminy aho." Nijery azy aho, nieritreritra aho, izaho—nijery aho mitovy amin'izay hijereko an'i Abrahama, Isaka, na Jakoba.

225 Noraisiko ny tànany, hoy aho hoe, "Rahalahy Bosworth, isika roa dia mino an'ilay Andriamanitra iray ihany, mino an'ilay zavatra iray ihany isika. Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra dia hitory teny aho mandra-pialan'ny fofon'aina farany amin'ny vatako. Hijanona mahatoky amin'Andriamanitra arak'izay fantatro hijanonana aho. Tsy hanao marimaritra iraisana amin'ny Filazantsara aho na amin'ny ilany iray na amin'ny toerana iray. Hijanona ho mahatoky arak'izay fantatro hijanonana aho. Rahalahy Bosworth, hihaona aminao aho amin'ny Tany iray tsaratsara kokoa izay tsy haha-tanora anao. . . na tsy ho antitra intsony, fa tanora."

226 Hoy izy hoe, "Ho any ianao, Rahalahy Branham, aza manahy."

227 Ary adiny iray mialoha, adiny roa mialohan'ny nahafatesany. . . teo amin'ny roa volana taty aoriana, dia nihevitra aho fa teo am-pahafatesana izy tamin'io fotoana io, tonga ny vadiko ka nijery azy (efa nihevitra azy betsaka foana izy), ary avy eo dia Rtoa. Bosworth. Ary teo amin'ny adiny roa teo no efa nandriany, natory. Nitsangana izy, nijery izy, ary nitsambikina avy teo amin'ny fandriany. Hoy izy hoe, "Neny, eny, efa taona maro no tsy nahitako anao! Dada! Rahalahy Jim, nahoana," hoy izy, "ndao jerentsika, ianao no anankiray tamin'ireo ahy izay niova fo ho an'ny Tompo, tany Joliet, Illinois." Efa dimampolo taona no nahafatesany. Hitanareo? Eny! Hoy izy hoe, "Ianao no Ranabavy *Ranona-sy-ranona*. Eny, izaho no nitarika anao teo amin'ny Tompo tany—tany amin'ilay fivoriana tany Winnipeg. Hia. Nahoana, ity no Ranabavy *Ranona-sy-ranona*. Izaho efa tsy nahita anao. . . Hia, hitanao, nanatona ny Tompo ianao tany amin'*izao-sy-izao*." Ary nandritry ny adiny roa nisesy no nandraisany tànana an'ireo izay notarihany teo amin'ny Tompo. Niverina avy hatrany teo amin'ny toerana, ary nandry teo, nampifanapaka ny tànany, dia izay no izy. Niditra tao amin'io Tany izay navelan'i Jesosy ho hitako indray alina io ve Rahalahy F. F. Bosworth? Raha izany no izy, dia lehilahy tanora iray izy any izao hariva izao. Andriamanitra anie hampitsahatra ny fanahiny. Ary enga anie aho mba hiaina tena mahatoky mba hidirako ao amin'io Tany io. Ary enga anie aho tena ho—ho mpanompon'i Kristy iray!

228 Menatra ny fiainako aho. Menatra aho. Izaho—izaho—izaho. . .Raha nanota teo anatrehanareo olona aho, ianareo—ananako trosa an'izany ianareo mba ho tonga hiteny amiko. Hitanareo? Miezaka ny hiaina mahitsy aho amin'ny zavatra rehetra izay avelan'Andriamanitra ataoko nohon'ny Fahasoavany. Hitanareo? Hitanareo? Fa, jereo, ry sakaiza, ananako trosa an'izany ianareo raha mahafantatra zavatra iray izay tsy mety eo amin'ny fiainako, tongava miteny amiko an'izany. Ary, jereo, anananareo trosa aho mba hijoro eto ka hitory aminareo ny Filazantsara marina. Anananareo trosa an'izany aho, satria manantena ny hahita ny tsirairay avy amin'ny tarehinareo aho, lehilahy sy vehivavy tanora, any ampitan'io fefy any io mihitsy. Izany dia fofon'aina anankiray fotsiny eo amin'izay misy anareo ankehitriny sy ny any. Ankehitriny, marina izany. Any izany.

229 Ary enga anie ilay Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, ilay Andriamanitry ny Lanitra, tsy manevateva, fa amin'ny fanajana, "Papa," amin'io andro lehibe io rehefa aseho eto indray isika ka hanana ny vatantsika an'ny tany indray, mba ahafahantsika hisotro, sy hihinana an'ireo voaloboka sy ny vokatry ny tany. "Hanorina trano izy ireo fa tsy ny hafa no hipetraka. Hamboly voaloboka izy ireo fa tsy ny hafa no hihinana an'izany." Hitanareo? Mamboly voaloboka ny lehilahy iray, dia ny zanany no maka an'izany, ary avy eo dia ny zanany no maka an'izany, dia ny azy. Fa tsy amin'ity toe-javatra ity; hamboly an'izany izy ary hijanona eo. Hitanareo, marina izany. Ho eo mandrakizay isika. Ary enga anie, ao amin'io Tany io, enga anie aho hahita ny tsirairay avy aminareo.

230 Ary fantatro fa miresaka amin'ireo mpitoriteny triniterana mihitsy aza aho ato. Ary, ry rahalahiko, tsy milaza an'izao aho—tsy milaza an'izao aho mba handratra. Izaho dia triniterana iray, ihany koa, mino ny trinite aho, ireo toetra telon'Andriamanitra (Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina), fa tsy Andriamanitra telo. Hitanareo? Mino aho fa misy ireo toetra telo, tanteraka tokoa, mino an'izany amin'ny foko rehetra aho, "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," saingy tsy Andriamanitra telo izy ireo. Izy ireo fotsiny dia telo toe-. . .na ireo asa telon'Andriamanitra. Andriamanitra dia nipetraka fahiny tao amin'ny maha-Ray, maha-Zanaka, fa ankehitriny dia ny Fanahy Masina. Izany dia ilay Andriamanitra iray ihany ao amin'ny asa telo. Ary izy ireo dia manana. . .

231 Ary Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, dia tsy Anaran'Andriamanitra. Manana Anarana anankiray Andriamanitra, ary Ny Anarany dia Jesosy. Hoy ny Baiboly hoe, "Ny fianakaviana any An-danitra dia antsoina hoe Jesosy, ary ny fianakaviana eto an-tany dia antsoina hoe Jesosy." Marina izany. Noho izany dia manana Anarana anankiray Andriamanitra, Anaran'olombelona. Izy dia. . .nanana anarana

iray nantsoina hoe Jehovah-jire, Jehovah-rafa, izany dia ireo Titrany amin'ny maha-Andriamanitra. Fa nanana Anarana anankiray Izy, Jesosy! Ary Izy izany.

232 Ary marina tokoa, ry rahalahiko, raha tsy mifanaraka amiko ianareo, dia tsarovy, izaho—izaho—hihaona aminareo aho any, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Izaho dia—ho any aho miaraka aminareo. Ary Andriamanitra hitahy anareo. Ary tiako ianareo.

233 Ary tiako ny fiangonana hahatsiaro ankehitriny, amin'ny Alahady maraina dia haka manomboka eto isika ary hiezaka aho ny tsy hihazona anareo mihoatra ny adiny roa, mba ahafahantsika hanana fivoriana ny tolakandro, raha mety ho vitantsika, ary raha manao tsara noho izay nataoko izao hariva izao aho, amin'ny folo sy sasany. Mamela ahy ve ianareo? Ry sakaiza, tsy manana fotoana betsaka tavela intsony isika, ry malala. Izaho—miantso anareo aho hoe "malala" satria izany ianareo. Ianareo—ianareo no malalako. Mba fantatrareo moa? Aoka . . . Indro tonga ny Soratra iray. Hoy i Paoly hoe, "Saro-piaro aminareo aho (Ny Fiangonany) amin'ny fahasaro-piaro araka an'Andriamanitra, satria nofofoiko ianareo." Eo ianareo izao, izany no voalazany. Izay ilay izy. "Satria nofofoiko ianareo, nifofo anareo ho an'i Kristy, ho virijiny madio iray."

234 Ankehitriny, raha marina àry izany tamin'io andro io, hoy izy hoe . . . Ireo, nilaza tamiko ny olona, nanao hoe, "Hanatona anao Jesosy, ka ianao no hanolotra anay eo Aminy," virijiny madio iray. "Tsaraina amin'ny alàlan'ny Teny izay notorianao tamin'izy ireo." Ary, jereo, raha mitory aminareo mihitsy an'izay notorian'i Paoly tamin'ny fiangonany aho, raha miditra ny vondrony dia miditra koa ny antsika, satria manana an'ilay zavatra iray ihany isika. Amena. Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny raha mbola milaza izahay hoe, "Andriamanitra hitahy anareo." Ankehitriny . . . ? . . . ny pasitera malalantsika, Rahalahy Neville.

*FANANGANAN'ANAKA 2* MAG60-0518
(Adoption 2)
ANDIAN'NY FANANGANAN'ANAKA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alarobia hariva, 18 May, 1960, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org